REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FAMINDRAM-PITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA ALA TAPIA AO MORARANOKELY

VOI MIAVOTRA II

Fokontany MORARANOKELY
Kaominina Miarinarivo II
Distrika Miarinarivo
Faritra Itasy

LAHARANA°: 239/COM/MIVO/SUB/ASS

AFD AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

PLANETE URGENCE
GroupeSOS
RÉCONCILIER L'HUMAIN ET LA FORÊT

SAHA
Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy

Septambra 2024

FIZAHAN-TAKELAKA:

FIFANEKEM-PAMINDRAM-PITANTANANA 4

DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA 9

I. FANAZAVANA ANKAPOBENY 10

I.1 Teny fampidirana 10

I.2 Tanjona kendrena 10

I.3 Faharetany 10

II. Mombamomba ny faritra hajariana sy ho tantanina 10

II.1 Toerana ahitana ny Fokontany 10

II.2 Ireo zava-misy mandrakotra ny tany ao anatin'ny Fokontany 13

II.3 Mombamomba ireo hafindra fitantanana amin'ny VOI 15

III. Ny mponina sy ny fivelomany 17

III.1 Ny mponina 17

III.2 Ny fiveloman'ny mponina 17

IV. Ny ara-tsosialy 19

V. Rafitra mpanampy: 20

VI. Fitsinjarana ny faritr'ala isaky ny sokajim-pampiasana 20

VI.1 Toetoetry ny ala 20

VI.2. Sokajim-paritra 22

VII. Fitsipika amin'ny ankapobeny 26

VIII. Fitsipika hanajariana sy hitantanana ny fizaram-paritra tsirairay sy ny vokatra ao aminy 26

VIII.1 Mikasika ny faritra arovana sy atevenina 26

VIII.2 Mikasika ny faritra fampiasana maharitra (fitrandrahana) 26

VIII.3 Mikasika ny faritra arovana tanteraka 27

VIII.4 Mikasika ny fampiharana ny zo nentim-paharazana. 27

VIII.5 Mikasika ny faritra natao ambolena sy tsy voasokajy 28

IX. Andraikitr'ireo ankolafin-kery voakasika 29

IX.1 Ny Fari-piadidiam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny fandrosoana Lovainjafy 29

IX.2 Ny Kaominina 29

IX.3 Ny VOI MIAVOTRA II 29

IX.3.1 Asa fiofanana 29

IX.3.2 Asa fanentanana sy fampahafantarana ny famindram-pitantanana izay natao 30

IX.3.3 Asa fanajariana. 30
IX.3.4 Asa fanaraha-maso 31
IX.3.5 Asa fifandraisana amin'ny any ivelany 31
IX.3.6 Fizohiana sy tomban'ezaka 31
X. Ny drafitr'asa isan-taona 31
XI. Fepetra sy fomba fikirakirana ity drafi-panajariana sy fitantanana ity 36
XI.1 Ho an'ny VOI MIAVOTRA II 36
XI.2 Ho an'ny Kaominina MIARINARIVO II 36
XI.3 Ho an'ny Mpanohana 37
XI.4 Ho an'ny Foibe iraisam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Itasy 37
BOKIN'ANDRAIKITRA 38
DINAM-PARITRA 44
TOVANA 45

LISITR'IREO TABILAO :

Tabilao 1 : Ny zanaparitra hita ao amin'ny faripiveloman'ny VOI 13

Tabilao 2 : Ny velaran'ny zanaparitra tsirairay 13

Tabilao 3 : Faritr'ala afindra fitantanana 15

Tabilao 4 : Tahirin-kevitra ara-pambolena 17

Tabilao 5 : Tahirin-kevitra ara-pambolena 18

Tabilao 6 : Tahirin-kevitra ara-piompiana 18

Tabilao 7 : Fampiasan'ny mponina ny vokatra anaty faritra 19

Tabilao 8 : Tahirin-kevitra ara-panabeazana 19

Tabilao 9 : Anarany sy velarany ary toetoetr'ireo ala 20

Tabilao 10 : Fisokajiana ireo faritr'ala tapia araka ny tanjom-pitantanana 22

Tabilao 11 : Fisokajiana ireo faritra araka ny tanjom-pitantanana 23

Tabilao 12 : fepetra mikasika ny fampiharana ny zo nentim-paharazana 28

Tabilao 13 : Ny drafitr'asa mandritra ny telo taona ho an'ny VOI 32

LISITR'IREO SARIN-TANY :

Sarin-tany 1 : *Toerana ahitana ny VOI* 12

Sarin-tany 2 : *Ireo zava-misy mandrakotra ny tany* 14

Sarin-tany 3 : *Fanehoana ireo ala afindra fitantanana* 16

Sarin-tany 4 : *Fanehoana ny toetoetr'ireo ala afindra fitantanana* 21

Sarin-tany 5 : *Fanehoana ny drafi-panajariana ny faritra afindra fitantanana* 25

FIFANEKEM-PAMINDRAM-PITANTANANA

NY MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY, IZAY SOLOIN-DRAMATOA TALE IRAISAM-PARITRY NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAINJAFY TENA

SY

NY KAOMININA AMBANIVOHITRA MIARINARIVO II

ARY

NY VONDRON'OLONA IFOTONY (VOI) « MIAVOTRA II », IZAY SOLOIN-ANDRIAMATOA FILOHAN'NY FIKAMBANANA TENA

Araka :

- Ny lalàna 96-025 tamin'ny 30 septambra 1996 mikasika ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ;
- Ny lalàna 97-017 tamin'ny 08 aogositra 1997 manavao ny lalàna fitantanana ny ala ;
- Ny didim-panjakana laharana faha-97-1200 tamin'ny 02 oktobra 1997 mampanaiky ny politikam-pitantanana ny rano sy ala ;
- Ny didim-panjakana laharana faha-2000-027 tamin'ny 13 janoary 2000 mikasika ny VOI miandraikitra ny fitantanana eny an-toerana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ;
- Ny didim-pitondrana 2001-122 tamin'ny 13 Jona 2001 mametra ny fomba fanatanterahana ny famindram-pitantanana ny harena voajanahary amin'ny vondron'olona ifotony ;

Dia mifanaiky fa :

Andininy-1 : Havaozina indray amin'ny Vondron'Olona Ifotony (VOI) MIAVOTRA II, ao amin'ny Fokontany Moraranokely , ny famindrana ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina izay voafaritra ao amin'ny andininy 2 amin'ity fifanekena ity.

I- Faritra ampiharana an'ity fifanekena ity.

Andininy-2 : Ity fifanekena ity dia ampiharina amin'ny harena voajanahary azo havaozina (zava-maniry sy biby dia) hita ao amin'ny Fokontany Moraranokely izay manana velarana **1 063,46 ha** ary voafaritra toy izao:

- Atsimo : Ankidona Ambarilahy (Antsampanimahazo)
- Atsinanana : Fokontany Antsahalava
- Avaratra : Lalam-pirenena voalohany
- Andrefana : Fokontany Antsahamaina.

II- Ireo harena voajanahary iharan'ity fifanekena ity.

Andininy-3 : Amin'ny maha fanavaozana azy, dia ampiharina amin'ireo harena voajanahary azo havaozina rehetra efa notantanan'ny VOI MIAVOTRA II, izay notantanin'ny Sampan-draharaha miadidy ny Ala fahiny ka ao anatin'ny faritra voatondro ao amin'ny andininy 2 sy izay rehetra voalaza mazava tsara ao amin'ny Bokin'Andraikitra (Cahier de Charges) sy ny drafi-panajariana ity fifanekena ity.

III- Tanjona.

Andininy-4 : Natao ity fifanekena ity mba ho fampandraisana andraikitra ny VOI amin'ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina ary mba hampaharitra ny fampiasana azy ireo ho lovain'ny taranaka maro mifandimby.

IV- Zava-kendrena

Andininy-5: Kendrena amin'ity fifanekena ity ny:

- Fandraisan'ny olona tsirairay andraikitra amin'ny fahaiza-mampiasa ny ala sy ny harena voajanahary azo havaozina ao aminy mba hampaharitra azy ireo;
- Hampirindra ny fitantanana ny faritra sy ny vokatra ao aminy ;
- Hampitombo sy hanatsara ny loharanon-karena voajanahary ary ny fari-piainan'ny tsirairay.

V- Faharetany.

Andininy-6 : Folo (10) taona no faharetan'ity fifanekena ity ary azo havaozina izany raha hita fa mandeha tsara ny fitantanana, ary miankina indrindra amin'ny tombana izay hatao amin'ny fiafaran'io fe-potoana io. Rehefa misasaka io fe-potoana io, izany hoe afaka 5 taona, dia hisy tombana izay ho atao ary afahana mandray fanapahan-kevitra avy hatrany.

VI- Anjara asan'ireo voakasik'ity fifanekena ity

Andininy-7 : Anjara asan'ny :

A) - <u>Vondron'olona ifotony ny</u> :

- Manaja ny fepetra rehetra voarakitra ao anatin'ity fifanarahana ity sy ny lalàna manankery mifehy ny ala ;
- Mampihatra ny Dina ho enti-manatanteraka ny drafi-panajariana sy fitantanana ;
- Mamolavola sy manatanteraka ny drafitr'asa na tetik'asa isan-taona mifanaraka amin'ny teti-panajariana ho fampandrosoana ny faritra ;
- Manaraka an-tsakany sy andavany ny toromarika amin'ny drafi-panajariana sy fitantanana ary izay voalazan'ny bokin'andraikitra ampanarahana ity fifanekena ity ;
- Manampy sy manolotra amin'ny Kaominina sy ny Lehiben'ny Ala ao MIARINARIVO ireo olo-meloka izay tsy voasahan'ny Dina ny heloka vitany.

B)- <u>Sampan-draharaha miadidy ny ala ny:</u>

- Manoro hevitra ny VOI amin'ny fitantanana ny faritra sy ny fanarahana ny drafi-panajariana;
- Manara-maso ny fampiharana ny fitaovam-pitantanana;
- Mandray andraikitra tandrify azy amin'ireo olona tsy vonona hanaraka ny Dina ;
- Manao fitanana an-tsoratra (procès-verbal) ary mitondra eo anatrehan'ny Fitsarana izay olo-meloka tsy manaja ny Dina na heloka tsy voasahan'ny Dina;
- Manampy ny VOI amin'ny asa fampandrosoana ny faritra ;
- Manao ny tombana isan-tsokajiny.

D)- <u>Kaominina MIARINARIVO II</u>

- Miahy ara-panjakana ny VOI;
- Manara-maso ny fitantanana ataon'ny VOI;
- Manoro hevitra ny VOI amin'ny fomba fitantanana ny vola ;
- Manampy ny VOI amin'ny fampiharana ny Dina ho an'ireo olona tsy mety manaraka izany fa indrindra ireo olona tsy mponina ao amin'ny faritra ;
- Manampy ny VOI amin'ny asa fampandrosoana sy ny famahana olana;
- Mandray anjara amin'ny tombana isan-tsokajiny;
- Mananatra ireo olo-meloka amin'ny fankatoavana ny fampiharana ny Dina alohan'ny hitondrana azy eny amin'ny Lehiben'ny Ala eny MIARINARIVO.
- Mandamina ireo olana mety hitranga eo amin'ny Fikambanana mifanolobodirindrina aminy;

- Manentana sy manampy ny VOI amin'ny fitadiavana sampandraharaha afaka hanampy ny VOI eo amin'ny fitantanana ataony sy ny hanatsarana ny vokatra;
- Mampahafantatra ny vohitra sy ny Kaominina manodidina ny fisian'ny famindram-pitantanana sy ny Dina;
- Mandamina sy mifampiraharaha amin'ny vohitra sy ny kaominina manodinina raha misy olana ateraky ny fampiharana ny fitsipi-pitantanana.

VII- Ireo andraikitra momba ny fitantanana azon'ny VOI atao.

Andininy-8: Azon'ny VOI atao ny:

A)- <u>Momba ny zo nentim-paharazana:</u>

- Maka hazo maty na nazeran'ny rivotra ho fampiasana andavanandro (kitay), ny manangona ireo voatapia na fakana zavamaniry atao fanafody na sakafo;
- Maka ny vokatra ao anaty faritra tantanina araka ny voafaritry ny Dina;
- Mihaza ireo biby azo hazaina (fihazana nentim-paharazana ihany no azo atao).

B)- <u>Ankoatry ny zo nentim-paharazana:</u>

- Mitrandraka araka ny drafi-panajariana sy fitantanana ary mivarotra ireo hazo ao amin'ny voly hazo natokana ho fitadiavam-bola (kininina sy kesika, sns…);
- Manome ny heviny amin'izay fangatahan'olona tsy mpikambana amin'ny Vondron'olona Ifotony te-hampiasa ireo harena voajanahary azo havaozina ao amin'ny faritra;
- Mametra sy mandray ireo saram-pitantanana fa tsy mivaona amin'izay voalazan'ny Dina;
- Manao tatitra amin'ny Kaominina sy ny Ben'ny ala ny fandehan'ny fitantanana isam-bolana na isaky ny misy fisehoan-javatra;
- Manao tatitra ary mitondra any amin'ny Kaominina sy any amin'ny Lehiben'ny Ala eny MIARINARIVO izay olona manao fahadisoana ka tsy manaiky hampiharana ny Dina na tsy voasahan'ny Dina intsony ny fanasaziana azy (na mpikambana na tsy mpikambana);
- Mampahafantatra ny Fokontany ny zava-misy amin'ny fitantanana.

D)- <u>Momba ny rafi-pitantanana :</u>

- Mametraka fomba enti-mitantana ny faritra ary mifidy olona hisahana tanteraka an'izany izay antsoina hoe : Komity mpitantana (Comité de gestion).

VIII- Ireo andraikitra tsy azon'ny VOI atao.

Andininy-9: TSY azon'ny VOI atao ny:

- Manome fahazoan-dalana hitevy ala-velona;
- Manome fahazoan-dalana hikapa hazo ankoatry ny zo nentim-paharazana;
- Manao fitanana an-tsoratra (procès-verbal) ireo heloka tsy voasahan'ny Dina intsony ny fanasaziana azy izay ampiakarina eny amin'ny Fitsarana.

IX- Ireo andraikitry ny sampandraharaha miadidy ny ala

Andininy-10: Manana andraikitra ny Sampan-draharaha miadidy ny ala amin'ny:

- Fampianarana ny VOI ny lalàna manan-kery mifehy ny Ala;
- Fampiharana ny sazy amin'ny VOI raha toa misy fahadisoana nefa tsy nandraisana andraikitra;
- Fanomezana ny fahazoan-dalana hikapa hazo, ankoatra ny momba ny zo nentim-paharazana, rehefa avy nankatoavin'ny VOI;
- Fitanana an-tsoratra (procès-verbal) ireo fandikan-dalàna tsy voasahan 'ny Fitsipi-pitantanana ary mitondra ny olo-meloka eo anatrehan'ny Fitsarana;
- Fanampiana sy fanarahamaso ny fanatanterahana izay voasoratra ao amin-ny bokin'andraikitra sy ny drafi-panajariana ny atiala ary afaka mangataka fanazavana amin'izay rehetra ilainy;
- Fanampiana ara-teknika amin'ny fanatanterahana ny asa ataon'ny VOI;
- Fanampahan-kevitra amin'ny fanohizana na fanafoanana ny fitantanana.

X- Fanaraha-maso ny fitantanana sy drafi-panajariana.

Andininy-11: Azon'ny Sampan-draharaha miadidy ny ala, ny Ben'ny tanàna, ny Filohan'ny Mpanolotsainan'ny Kaominina ary Lehiben'ny boriborintan'ny Kaominina atao ny misava ireo bokim-

pitantanana eo ampelan-tananan’ny VOI. Raiketina an-tsoratra ao amin'ny bokin'ny VOI, ny zavatra mety na tsy mety hitany nandritra ny fisavana dia anomezany ny heviny.

Andininy-12: Ny Sampan-draharaha miadidy ny Ala irery ihany no manao ny fanaraha-maso ny fitantanana sy ny tomban’ezaka.
Ireo olona ivelan'ny Sampan-draharaha ny Ala ka mahatsikaritra ny tsy fetezan'ny fitantanana ara-teknika dia mampandre avy hatrany azy ireo am-bava na an-tsoratra mba afahan'izy ireo mandray ny andraikitra tandrify azy.

Andininy-13: Miara-manao tombana isaky ny enim-bolana ny fandehan'ny Fitantanana ny Fikambanana sy ny Sampan-draharaha miadidy ny Ala ary ny Kaominina MIARINARIVO II.

XI- Fanapahana ny fitantanana

Andininy-14: Raha tsapa fa tsy mitarika amin’ny fananana maharitra ireo harena voajanahary azo havaozina ny fitantanana ataon'ny Fikambanana dia omen'ny Sampan-draharaha miadidy ny Ala fampitandremana an-tsoratra izy ireo.
Raha mbola miverina io tsy fahaiza-mitantana io dia omena taratasy fampiatoana amin'ny fotoana voafetra ny VOI.
Raha mbola mitohy ny tsy fahaiza-mitantana na mbola tsy tapitra aza ny fe-potoana nitantanana dia averina manontolo amin'ny Sampan-draharaha miadidy ny Ala ny fitantanana.

Andininy-15: Izao fifanarahana izao dia manambara ny maha ara-dalàna ny fitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina misy ao an-toerana. Ny famindram-pitantanana dia tsy midika ho famindram-pananana.

Natao teto ……, ny ……

Ireo Mpifanaiky

Ny Tale Iraisam-paritry
ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy,

Ny Filohan’ny VOI,

Ny Ben’ny Tanàna MIARINARIVO II,

Ny mpanatrika

Ny Lehiben’ny Distrika MIARINARIVO,

DRAFI-PANAJARIANA SY FITANTANANA

I. FANAZAVANA ANKAPOBENY

I.1 Teny fampidirana

Vakoka iraisam-pirenena ny ala Tapia ary tsy ahitana maneran-tany afa tsy eto Madagasikara. Ankohatra izany dia manana ny lanjany eo amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro ihany koa ny fisian'ireo ala ireo izay harena voajanahary ao amin'ny Fokontany MORARANOKELY. Ankoatra ny fakana ireo vokatra maro samy hafa misy ao anatin'ny faritra dia miaro ny nofon-tany ihany koa ireo zava-maniry ao aminy. Noho izany dia rariny indrindra raha toa ka havaozina amin'ny VOI izay vondrona eny ifotony ny fitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina.

I.2 Tanjona kendrena

Mba hiarovana ny ala sy ny zava-misy ao aminy ary ho fampandrosoana ny faritra hiveloman'ny mponina eto amin'ny Fokontany MORARANOKELY, dia natao ity Drafi-panajariana sy fitantanana ity ho ampiasain'ny VOI MIAVOTRA II. Izany dia afahany manajary, manatsara, miaro ary koa mitantana amin'ny fomba maharitra ny ala sy ny vokatra ao aminy.

I.3 Faharetany

Folo (10) taona ny faharetan'ny fifanekem-pamindram-pitantanana ny ala. Manankery mandritra io folo (10) taona io ity drafim-panajariana sy fitantanana ity.

Araka ny zava-misy anefa dia azo atao ny mitondra fanovana amin'ity drafi-panajariana ity. Ny fanitsiana rehetra mety ho atao kosa dia tsy maintsy hifanarahan'ny Sampandraharahan'ny Ala, sy ny VOI MIAVOTRA II ary ny Kaominina MIARINARIVO II.

Marihina fa rehefa misasaka sy rehefa tapitra ny folo (10) taona dia hisy fizohiana atao mikasika ny fitantanana ny ala sy ireo vokatra ao aminy, manaraka izany ny tomban'ezaky ny asa vita. Aorian'izay dia mety hisy fanitsiana ho fanatsarana ny fampiasana sy ny fitantanana ny ala. Ny fanitsiana rehetra dia tsy maintsy hifanarahan'ny Sampandraharahan'ny Ala, sy ny VOI MIAVOTRA II ary ny Kaominina MIARINARIVO II.

II. Mombamomba ny faritra hajariana sy ho tantanina

II.1 Toerana ahitana ny Fokontany

Ny Fokontany MORARANOKELY dia ao anatin'ny Kaominina MIARINARIVO II, Distrika MIARINARIVO, Faritra Itasy. Marihana fa ao amin'ny Section Antanetibe Sud no ahitana ny Foiben-toeran'ny VOI ka mirefy 2 km eo ny elanelan'ny renivohitry ny Fokontany amin'ny Ivon-toeran'ny VOI. Moraranokely kosa no renivohitry ny Fokontany ka sahabo ho 12 km miala ny renivohitry ny Kaominina no misy azy.

Ireto manaraka ireto ny mamaritra azy:

- Atsimo : Akidona Ambarilahy (Fokontany Antsampanimahazo);
- Atsinanana : Fokontany Antsahalava;
- Avatra : Lalam-pirenena voalohany;
- Andrefana : Fokontany Antsahamaina.

Section dimy (5) no mandrafitra ny Fokontany dia: Antanetibe Sud, Mahatsinjo, Moraranokely, Ambodiamontana ary Faliarivo.

Karazany roa (2) ny lalana azo ampiasaina raha hiazo ny Fokontany. Raha avy any Andrefana dia mandeha lalana sahabo ho 12 km eo ho eo miala ny renivohitry ny Kaominina izay sady renivohitry ny

Distrika. Manaraka ny lalana mihazo ny Fokontany Antsahamaina aloha vao mihazo ny Fokontany Antsampanimahazo ary avy eo no miantsinanana mandeha 3 km eo. Raha avy any Antsinanana kosa dia manaraka ny lalampirenena voalohany ka rehefa tonga eo Igarabe (9 km) dia mandray lalan-tany mianandrefana (4 km). Amin'ny ankapobeny dia lalan-tany no diavina ka Fiara tsy mataho-dalana (4X4) sy fiara vaventy no tena tonga any ary afaka mifamoivoy mandavantaona saingy sarotra rehefa fahavaratra. Dia an-tongotra no tena manavanana ny mponina rehefa mihazo ny renivohitry ny Kaominina sy ny Distrika.

Sarin-tany 1 : ***Toerana ahitana ny VOI***



II.2 Ireo zava-misy mandrakotra ny tany ao anatin'ny Fokontany

Ny velaran'ny fokontany dia **1 063,46** ha ary ahitana Ala Tapia, ala hafa, tanimbary, tanim-boly samy hafa, toeram-ponenana, ary savoka sy tanety. Ny Savoka sy ny tanety no mibahan-toerana ao satria mandrakotra ny telo ampahefan'ny faritra izany. Na dia efa vitsy ihany aza ny Ala Tapia dia mbola azo lazaina ho betsaka izany raha oharina amin'ny Fokontany manodidina.

Araka io efa hita eo ambony io ary dia ireto avy ireo singa mandrafitra ny fari-piveloman'ny VOI sy ireo toetoetra nahafahana namaritra azy tsirairay.

Tabilao 1 : Ny zanaparitra hita ao amin'ny faripiveloman'ny VOI

Zana-paritra	Toetoetrany
Ala Tapia	Faritra ahitana ala tapia mbola matevina, antoniny ary manify
Ala novolena	Faritra ahitana karazan-kazo hafa novolena (Kininina, Kesika, sns, …)
Tanimbary	Tany natokana ambolem-bary, izay manamorona ireo renirano hita ao amin'ny faritra tantanina amin'ny ankapobeny
Tanimboly	Tany natokana ambolena mangahazo, katsaka, anana sy ireo vokatra isan-karazany ary fambolen-kazo toy ny kesika na kininina sy karazan-kazo hafa
Savoka sy Tanety	Faritra ahitana bozaka sy kiritra sy faritra tsy ampiasain'ny olona noho ny antony maro samihafa, na haram-bato na tany tsy mamokatra intsony
Toeram-ponenana	Faritra ahitana ny trano fonenan'ny olona ao amin'ny fari-pivelomana

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

Tabilao 2 : Ny velaran'ny zanaparitra tsirairay

Zana-paritra	Velarany (ha)	Tahany isan-jato (%)
Tanimboly	39,25	3,69
Ala novolena	77,72	7,31
Tanimbary	92,23	8,67
Savoka sy tanety	800,68	75,29
Ala Tapia	43,26	4,07
Toeram-ponenana	10,32	0,97
Totaly	**1 063,46**	**100,00**

Marihana fa ahitana Biby dia isankarazany ao anatin'ny faritra tantezaina toy ny: Vorona samihafa (Matoriandro, Takatra, Maritaina, Kibobo, Tsipoy, Goaika, Papango, Hitsikitsika, Ramanavy, Tomanitailatsaka, Sorohitra, Tsintsina, Domoina, sns…), Sahona, Bibilava, Trandraka, Sokina, Tantely, Kary, sns…

Sarin-tany 2 : ***Ireo zava-misy mandrakotra ny tany***



II.3 Mombamomba ireo hafindra fitantanana amin'ny VOI

Ireo ala nanahary sy ireo harena voajanahary azo havaozina (biby dia sy zava-maniry) ao anatin'ny Fokontany Moraranokely no afindra fitantanana amin'ny VOI. Ny ala Tapia ho tantanana sy hohajarian'ny VOI MIAVOTRA II kosa dia ala na faritr'ala miisa enina ambinifolo (16) izay manana velarana 43,26 Ha.

Ny fafana manaraka eto ambany no ahitana ny antsipirihany izay mitanisa azy ireo miaraka amin'ny velarany avy.

Tabilao 3 : Faritr'ala afindra fitantanana

Laharana	Faritr'Ala	Velarana (Ha)
1	Ampandrianakanga	2,37
2	Atsimon'i Faravato	0,78
3	Atsimotrano	8,10
4	Befaritra	2,53
5	Malazaravina	2,80
6	Mandrirahona	1,49
7	Kelivava	7,78
8	Amboniavaratra	1,81
9	Andraofy	3,14
10	Atsinanan'i Faravato	4,50
11	Anjavamanitra	0,60
12	Bemoka	1,42
13	Marofofo	2,29
14	Antanetibe	0,98
15	Soamanana	2,42
16	Antsahalava	0,25
	Totaly	**43,26**

(Loharano: ONG SAHA, 2024)

Sarin-tany 3 : ***Fanehoana ireo ala afindra fitantanana***



III. Ny mponina sy ny fivelomany

III.1 Ny mponina

Raha ny mponina ao amin'ny Fokontany Moraranokely indray no asian-teny dia miisa 1 100 izy ireo. Mila hitovy ny isan'ny lahy (50,18%) sy ny vehivavy (49,82%) raha toa ka manatombo kely ny lahy. Araka ny sokajin-taona indray dia manatombo ny ankizy (0 hatramin'ny 17 taona) izay manana taha 56% raha oharina amin'ny lehibe (18 taona no miakatra) izay manana taha 44%.

Na dia ny section Moraronakely aza no renivohitry ny Fokontany dia Antanetibe Sud izay misy ny Ivotoeran'ny VOI no be mponina indrindra, izay manana taha 28,64%. Merina 100% ny mponina ao ary zara raha 5% no mpiavy fa ny 95% dia tompon-tany avokoa.

Toy izao amin'ny fafana izao ny fitsinjarany sy ny antsimpirihany isaky ny section.

Tabilao 4 : Tahirin-kevitra ara-pambolena

Section	Isan'ny mponina
Antanetibe Sud	315
Mahatsinjo	205
Moraranokely	208
Ambodiamontana	135
Faliarivo	237
Totaly	**1 100**

Fitsinjarana ara-taona	Isany
0-17 ans	616
+ 18 taona	484
Fitsinjarana ara-pananahana	
Vehivavy	548
Lehilahy	552

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

Hatreto dia 114 ny isan'ny mpikambana ao amin'ny VOI MIAVOTRA II, izany hoe 23,55%-n'ny mponina tonga taona. Hatramin'ny 28 Aprily 2006 niforonan'ny VOI dia efa napetrak'izy ireo ho izay rehetra monina ara-dalana ao anatin'ireo section dimy (5) mandrafitra ny Fokontany Moraranokely ka ampy taona no afaka miditra ho mpikambana ao amin'ny VOI.

III.2 Ny fiveloman'ny mponina

Fambolena sy fiompiana ary asa-tanana no tena antom-piveloman'ny mponina amin'ny ankapobeny ao amin'ny Fokontany Moraranokely. Tsy mihonona amin'izany anefa ny rehetra fa misy ihany koa ireo vadin'asa hanampiana ny fidiram-bola ao antokantrano.

- ❖ <u>Fambolena</u>

Maro ny voly ataon'ny mponina ao amin'ny Fokontany Moraranokely fa ny voly vary sy ny voly mangahazo no tena be mpanao noho izy ireo atao foto-tsakafo ka 100% no mamboly vary raha toa ka 90% no mamboly mangahazo. Ny voly katsaka no manaraka azy ireo izay anisan'ny fanampin-tsakafo ihany koa fa ny ambiny ankohatra ireo dia voly natao ho fidiram-bola avokoa na dia misy ampahany ihany aza atao sakafo. Ao anatin'izany ny voanjobory, soja, voanjolava, tsaramaso, Vomanga ary saonjo izay notanisaina mifanaraka amin'ny tahan'ny mponina manao azy.

Tsy mahatsapa ho manana olana mikasika ny fambolena ireo mponina ao an-toerana na dia tsikaritra aza fa teknika noentim-paharazana no ampiasain'ny rehetra amin'ny ankapobeny. Ankohatra ireo efa voalaza dia misy ihany koa ireo mamboly Haricot vert izay voly hifanarahana amin'ny "Lécofruit". Ka ao Antanetibe Sud sy Mahatsinjo no tena misongadina na dia misy daholo aza ny section rehetra.

Hitantsika amin'ny ity fafana manaka ity ny antsipirihany:

Tabilao 5 : Tahirin-kevitra ara-pambolena

Karazany	Velarany	Tahan'ny mponina manao azy	Lanjam-bokatra isan-taona	Toerana	Fanamarihana
Vary	126 Ha	100%	252T	Fokontany	0,5 Ha isam-batan-dehilahy
Mangahazo	30 Ha	90%	120T	Fokontany	
Katsaka	60 Ha	70%	60T	Fokontany	
Voanjobory	10 Ha	30%	10T	Fokontany	
Soja	1,5 Ha	21%	700Kg	Fokontany	
Tsaramaso	13 Ha	20%	2 400Kg	Fokontany	
Voanjolava	1,5 Ha	21%	900Kg	Fokontany	
Vomanga	10 are	20%	200Kg	Fokontany	
Saonjo	20 Ha	10%	20T	Fokontany	

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

- Fiompiana

Tsy misaraka amin'ny fiainam-piharian'ny tantsaha ny fiompiana. Ho an'ny mponina ao amin'ny Fokontany Moraranokely manokana dia ny fiompiana akoho no tena betsaka mpanao izay mahatratra taha 70%-n'ny mponina ka manana 5 isan-trano eo izy ireo raha atao ny salan'isany. Atao sakafo sy amidy hitsinjovana ny vodiandro merika ny akoho. Ny fiompiana omby kosa no manan-daja indrindra satria 60%-n'ny mponina dia miompy azy avokoa ary manampy amin'ny asa fambolena izany amin'ny fiasana tany sy amin'ny famokarana zezika. Tsikaritra ihany koa fa miha mahazo vahana eo an-toerana ny fiompiana trondro satria efa ny antsa-manilan'ny mponina no manao azy ary manana salan'isa 100 isan-trano eo ho eo ireo mpiompy.

Ankohatra ireo dia misy ihany koa ny miompy Kisoa, gana ary bitro ka saika atao sakafo sy amidy avokoa no ampiasan'ny mponina azy. Ny fahalafosan'ny fanafody fitsabona ireo biby no tena olana sedrain'ny mponina ao anatin'ny Fokontany.

Toy izao manaraka izao ny antsipirihany momba ny fiompiana:

Tabilao 6 : Tahirin-kevitra ara-piompiana

Karazany	Isany ananan'ny tokantrano iray	Toerana	% mponina manao azy	Ny ilaivana azy (fampiasana azy)
Omby	2	Fokontany rehetra	60%	Fiasana tany
Kisoa	1	Fokontany rehetra	40%	Amidy
Akoho	5	Fokontany rehetra	70%	Amidy, sakafo
Gana	3	Fokontany rehetra	3%	Amidy, sakafo
Bitro	2	Fokontany rehetra	2%	Amidy, sakafo
Trondro	100	Fokontany rehetra	50%	Amidy, sakafo

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

- Fampiasana ny ala

Toy izao hita amin'ny fafana manaraka izao ny fampiasan'ny mponina ny vokatra any anaty ala sy ao anatin'ny faritra:

Tabilao 7 : Fampiasan'ny mponina ny vokatra anaty faritra

Karazam-bokatra	Fampiasana azy
Hazo	Kesika sy kininina: atao kitay, saribao, fanaka, trano
Vokatra hafa	Tapia, goavy, rotra, raokandro, sns. (Amidy sy hoanina)
Biby sy bibikely	Atao sakafo daholo ireo biby mivelona amin'ny ala toy ny Sokina, Akanga, Bokana, Soherina, Trandraka, sns… siangy ny landy sy ny bokana dia sady amidy.

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

Ny nanimba ny atiala Tapia teo aloha kosa dia ny doro-tanety sy ny fikapana ireo hazo. Amin'izao fotoana izao kosa dia ny varangam-bitsika izay mamono ny vatan-kazo no tena manimba azy miampy ireo fangasika mihinana ravin-Tapia na dia azo lazaina ho mbola vitsy aza.

- ❖ Hafa

20%-n'ny mponina dia misehatra amin'ny rafitra ka amidy sy ampiasaina ao an-tokantrano no ilavan'izy ireo azy. Momba ny resaka varotra indray dia 4% ireo manao épicerie izay ahitana ireo kojakoja ilain'ny mponina andavanandro (PPN) ary 3% no manao hanimasaka na gargottes. Momba ny resaka tao-zavadehibe indray dia ahitana fitotoam-bary iray (1) ao Faliarivo ary roa (2) kosa ao Ambodiamontana.

IV. Ny ara-tsosialy

- ❖ Fanabeazana

Ahitana sekolim-panjakana miisa telo (3) ao anatin'ny Fokontany Moraranokely ary sekoly tsy miankina iray (1). Azo lazaina ho manana tombony ny Fokontany ara-banabeazana raha mihoatra amin'ny fokontany manodidina satria ahitana sekoly fanabeazana fototra 3 ary sekoly ambaratonga faharoa 1 ao an-toerana.

Toy izao manaraka izao ny antsimpirihany:

Tabilao 8 : Tahirin-kevitra ara-panabeazana

Anarany	Karazany	Toerana	Isan'ny mpianatra	Isan'ny section	Isan'ny mpampianatra
EPP Moraranokely	EPP	Moraranokely	150	5	5
EPP Antanetibe Sud	EPP	Antanetibe Sud	90	7	4
EP Lovasoa	Tsy miankina	Igarabe	40	5	2
CEG Igarabe	CEG	Igarabe	96	4	9

(Loharano: Fanadihadiana ifotony, SAHA 2024)

❖ Rano fisotro madio

Manana rano fisotro madio avokoa ny section rehetra ao anatin'ny Fokontany ka: Antanetibe Sud ahitana telo (3), Mahatsinjo roa (2), Moraranokely telo (3), Ambodiamontana efatra (4) ary Faliarivo roa (2). Marihuana fa ny CARITAS no nanorona azy ireo tamin'ny 2002.

❖ Fahasalamana

Tazo no aretina matetika mpahazo ny mponina saingy tsy misy toeram-pitsaboana ao anatin'ny Fokontany fa any Miarinarivo na any Ambohinaivo, Fokontany Miadana, ireo mponina no manantona tobim-pitsaboana ara-panjakana. Ho an'ireo misafidy ny hanantona tobim-pitaboana tsy miankina amin'ny fanjakana kosa dia ny "dispensaire" an'ny Masera ao Ijely, ao anatin'ny Fokontany Antsahamaina no tobim-pitsaboana hanatonan'izy ireo.

V. Rafitra mpanampy:

Tokana ny rafitra mpanampy misehatra eo an-toerana nanomboka ny taona 2021 dia tsy iza izany fa ny "Planète Urgence" izay nanome zanakazo ny mpikambana rehetra ao amin'ny VOI Miavotra II sy namatsy fitaovana toy ny brouettes sy arrosoires ary angady ho an'ny sekoly.

VI. Fitsinjarana ny faritr'ala isaky ny sokajim-pampiasana

VI.1 Toetoetry ny ala

Araka ny toetoetrany dia azo zaraina roa (02) ny karazana ala Tapia hita ao anatin'ny faritra. Ao ireo ala mbola matevina ary ao kosa ireo ala izay efa manify. Tamin'ny alalan'ny fanisana (inventaire) sy fanamarinana teny ifotony no nafahana namaritra izany.

Toy izao manaraka izao ny momba azy ireo:

Tabilao 9 : Anarany sy velarany ary toetoetr'ireo ala

Faritr'Ala	Karazany	Velarana (Ha)	Toetry ny Ala Tapia
Atsimotrano	Manify	8,10	- Ala simbasimba noho ny fanapahana hazo tapia - Ahitana hazo vaventy fa mahalana dia mahalana - Vitsy solofon-kazo - Isan-ny hazo hita ao: **756 fototra / ha** -Hadirin'ny hazo hita ao: **22,25 m3/ha**
Kelivava	Manify	7,78	
Amboniavaratra	Manify	1,81	
Andraofy	Manify	3,14	
Marofofo	Manify	2,29	
Antanetibe	Manify	0,98	
Totaly Manify		***24,10***	
Ampandrianakanga	Matevina	2,37	- Ala azo lazaina fa mbola tsara - Maro hazo tapia lehibe - Ahitana solofon-kazo tapia maromaro - Isan-ny hazo tapia hita ao: **1 054 fototra / ha** -Hadirin'ny hazo tapia hita ao: **54,79 m3/ha**
Atsimon'i Faravato	Matevina	0,78	
Befaritra	Matevina	2,53	
Malazaravina	Matevina	2,80	
Mandrirahona	Matevina	1,49	
Atsinanan'i Faravato	Matevina	4,50	
Anjavamanitra	Matevina	0,60	
Bemoka	Matevina	1,42	
Soamanana	Matevina	2,42	
Antsahalava	Matevina	0,25	
Totaly Matevina		***19,17***	
Totaly		**43,26**	

(Loharano: Famakafakana ny vokatry ny Fanisana, fanadihadiana teny ifotony –SAHA, 2024)

Sarin-tany 4 : ***Fanehoana ny toetoetr'ireo ala afindra fitantanana***



VI.2. Sokajim-paritra

Araka ny valin'ny fanisana sy ireo fomba efa fanao ary ny ady hevitra nifanaovana tamin'ny VOI MIAVOTRA II dia nosokajina telo ny sokajim-paritra ao aminy. Ahitana ireo ala Arovana sy atevenina izay manana ny velarana lehibe indrindra, ireo Fampiasana maharitra ary ny Arovana tanteraka. Maneho ny fahavononan'ny VOI hiaro ny Ala Tapia ny famaritana ny faritra arovana tanteraka ho be indrindra (55,34%) ary manaraka azy eo ny faritra arovana sy atevenina.

Ny fafana eto ambany no manome ny antsimpirihany.

Tabilao 10 : Fisokajiana ireo faritr'ala tapia araka ny tanjom-pitantanana

Faritr'Ala	Tanjom-pitantanana	Velarana (Ha)
Ampandrianakanga	Arovana sy Atevenina	2,37
Amboniavaratra	Arovana sy Atevenina	1,81
Bemoka	Arovana sy Atevenina	1,42
Marofofo	Arovana sy Atevenina	2,29
Antanetibe	Arovana sy Atevenina	0,98
Soamanana	Arovana sy Atevenina	2,42
Antsahalava	Arovana sy Atevenina	0,25
Totaly Arovana sy atevenina		***11,54***
Kelivava	Fampiasana Maharitra	7,78
Totaly fampiasa maharitra		***7,78***
Atsimon'i Faravato	Arovana Tanteraka	0,78
Atsimotrano	Arovana Tanteraka	8,10
Befaritra	Arovana Tanteraka	2,53
Malazaravina	Arovana Tanteraka	2,80
Mandrirahona	Arovana Tanteraka	1,49
Andraofy	Arovana Tanteraka	3,14
Atsinanan'i Faravato	Arovana Tanteraka	4,50
Anjavamanitra	Arovana Tanteraka	0,60
Totaly Arovana tanteraka		***23,94***
Totaly		**43,26**

(Loharano: Famakafakana ny vokatry ny Fanisana, fanadihadiana teny ifotony –SAHA, 2024)

FANAMARIHANA HO AN'NY ALA TAPIA REHETRA

"Ny ala tapia rehetra ao anatin'ny faritra afindra fitantanana dia voasokajy ho faritra arovana avokoa."

- Tsy maintsy esorina ny kesika sy ny kininina ao anaty ala tapia na kely na lehibe;
- Tsy azo atao ny misoro-pako ao;
- Tsy azo atao ny manao fatana arina ao;
- Ny faritr'ala rehetra dia azo hakana Zo netimpaharazana avokoa rehefa manaja ny Bokin'andraikitra sy izay voalaza an'ity Drafi-panajraiana sy fitantanana ity. Ka anjaran'ny komity mpitantanana no mandrindra izany.

Toy izao manaraka amin'ny fafana ambany izao kosa ny fomba fampiasana azy:

Tabilao 11 : Fisokajiana ireo faritra araka ny tanjom-pitantanana

Tanjom-pitantanana	*Fampiasana azy*	*Rafim-pitantanana apetraka*
Faritra arovana sy atevenina	***Tsy azo atao*** Manapaka hazo tapia lena Maka tany masaka na misorom-pako Mamorona làlana Midonaka ao anaty Tapia Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia Manitatra fambolena ao anaty ala Tapia ***Azo atao*** **Fambolena Tapia** Zo nentim-paharazana: hazo maty, holatra, bozaka, raokandro, voatapia, saroy, bokana tantely dia, sns… Fitrandrahana vokatry ny ala hafa (PFNL) Miaro ny ala Tapia Mikapa hazo kininina sy kesika (hazo tsy voajanahary)	Polisin'ala Komity mpitantana
Faritra fampiasana maharitra	***Tsy azo atao*** Manapaka hazo tapia lena Maka tany masaka na misorom-pako Mamorona làlana Midonaka ao anaty Tapia Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia Manitatra fambolena ao anaty ala Tapia ***Azo atao*** **Fiompiana landy, fitrandrahana vokatry ny ala (PFNL)** Zo nentim-paharazana: hazo maty, holatra, bozaka, raokandro, voatapia, saroy, bokana, vahona, tantely dia (fa manaja ny "fitrandrahana" iraisana, ohatra: fiompiana landy) Mikapa hazo kininina sy kesika (hazo tsy voajanahary)	Polisin'ala na Vaomiera isam-paritra Komity mpitantana
Faritra arovana tanteraka	***Tsy azo atao*** Manapaka hazo tapia lena Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia Miditra ao aminy tsy nahazoana alalana ***Azo atao*** **Fiarovana ny ala tapia** Zo nentim-paharazana: holatra sy voatapia (Voatapia: Tapa-bolana voalohany amin'ny volana novambra) ary asiana fepetra fanaraha-maso.	Komity mpitantana Polisin'ala na Vaomiera isam-paritra Komitin'ny fambolen-kazo
Faritra natao ambolena sy tsy voasokajy	***Tsy azo atao*** Manitatra tanim-boly sy mandoro ny manamorona ny ala tapia ***Azo atao*** **Fambolena hazo** Zo nentim-paharazana: hazo maty, bozaka, taretra, bararata, vika, sns …, araka ny fahafahan'ny faritra	Komity mpitantana Polisin'ala na Vaomiera isam-paritra

Tanjom-pitantanana	*Fampiasana azy*	*Rafim-pitantanana apetraka*
	Manatsara ny teknika fambolena mba hampitomboana ny vokatra miakatra	

(Loharano: Fivoriana fanadihadiana ny fampiasana sy ny fitantanana ireo vondron'ala –SAHA, 2024)

Sarin-tany 5 : ***Fanehoana ny drafi-panajariana ny faritra afindra fitantanana***



VII. Fitsipika amin’ny ankapobeny

Toy izao manaraka izao ny fitsipika ankapobeny mifehy ireo vondron’ala voalaza etsy ambony:

- Mba hampirindra ny fitantanana dia tsy maintsy hajaina ny fitsinjarana ny faritra ato anatin’ny drafi-panajariana sy fitantanana;
- Tsy maintsy misy fandaminana ny fampiasana ny zo netimpaharazana;
- Tsy azo atao ny manao tevy ala ao anatin’ny faritra tantanina;
- Ny hazo maina dia natokana ho ampiasaina amin’ny filàna andavanandro ary tsy azo amidy na atao fitadiavam-bola.

VIII. Fitsipika hanajariana sy hitantanana ny fizaram-paritra tsirairay sy ny vokatra ao aminy

Ireo faritr’ala voatanisa ao amin’ny tabilao faha 9 araka ny sokajiny avy no voafariparitra manaraka eto.

VIII.1 Mikasika ny faritra arovana sy atevenina

Ireo faritra izay nosokajiana ho efa andalam-pahasimbana nandritra ny fitsirihana. Mila averina amin’ny laoniny ireo faritr’ala ireo mba hia-matevina hatrany hatrany ka hafahana misitraka indray ireo vokatra izay hita amin’ny Ala Tapia amin’ny alalan’ny fampiharana ny zo nentim-paharazana sy ny fitrandrahana ireo vokatry ny ala.

Tsy azo atao

- Manapaka hazo tapia lena
- Maka tany masaka na misorom-pako
- Mamorona làlana
- Midonaka ao anaty Tapia
- Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana
- Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia
- Manitatra fambolena ao anaty ala Tapia

Azo atao

- Zo nentim-paharazana: hazo maty, holatra, bozaka, raokandro, voatapia, saroy, bokana tantely dia, sns…
- Fitrandrahana vokatry ny ala hafa (PFNL)
- Miaro ny ala Tapia
- Mikapa hazo kininina sy kesika (hazo tsy voajanahary)

VIII.2 Mikasika ny faritra fampiasana maharitra (fitrandrahana)

Ireo faritra matevina azo trandrahana hampiroboroboana ny fiompiana landy sy izay mahakasika azy, ny fiompiana tantely, ny vokatra hafa toy ny vahona, ny taretra, sns… ary ireo vokatry ny ala hafa (PFNL) no resahina ao anatin’ity faritra ity. Rehefa miroborobo izy ireo dia azon’ny VOI atao ho fidiram-bola.

Raha amidy mivoaka ny faritra ny vokatra dia manao fangatahana amin’ny VOI sy ny Sampandraharan’ny ala ary mandoa saram-pitantanana sy tamberim-bidy amin’ny Kaominina ny mpanangona (votapia, holatra, vahona, sns…).

Ireto avy ny azo atao sy tsy azo atao ao amin’io faritra io:

Tsy azo atao

- Manapaka hazo tapia lena
- Maka tany masaka na misorom-pako
- Mamorona làlana

- Midonaka ao anaty Tapia
- Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana
- Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia
- Manitatra fambolena ao anaty ala Tapia

Azo atao

- Fiompiana landy, fitrandrahana sy fampiroborororoboana ireo vokatry ny ala (PFNL)
- Zo nentim-paharazana: hazo maty, holatra, bozaka, raokandro, voatapia, saroy, bokana, vahona, tantely dia (fa manaja ny "fitrandrahana" iraisana, ohatra: fiompiana landy)
- Mikapa hazo kininina sy kesika (hazo tsy voajanahary)

VIII.3 Mikasika ny faritra arovana tanteraka

Ireo faritra izay hita ho mbola manana Ala Tapia tsara nandritra ny fitsiriana natao no voasokajy ho faritra arovana tanteraka.

Tsy azo atao

- Manapaka hazo tapia lena;
- Manapaka karazan-kazo rehetra tsy nazahoana alalana;
- Mamboly hazo hafa ankoatra ny tapia;
- Miditra ao aminy tsy nahazo alalana.

Azo atao

- Miaro ny ala.
- Zo nentim-paharazana: holatra sy voatapia (Voatapia: Tapa-bolana voalohany amin'ny volana novambra) ary asiana fepetra fanaraha-maso.

VIII.4 Mikasika ny fampiharana ny zo nentim-paharazana.

Araka ny fahazarana ara-piaraha-monina misy sy ny toetoetry ny ala ankehitriny, dia noferana ho toy izao manaraka izao ireo zo nentim-paharazana momba ny fampiasana ny ala eto amin'ny faritra tantanan'ny VOI:

- Ny hazo Tapia lena rehetra dia tsy azo tapahina na ao anaty na any ivelan'ny ala;
- Ny faritra rehetra dia azo hanaovana ny zo nentim-paharazana voalaza ao amin'ity takila ambany ity izay mamaritra ihany koa ny fangatahana fazahoan-dalana na tsia mahakasika ny fitrandrahana;
- Azo hampiharana ny zo nentim-paharazana avokoa ny faritra rehetra ankohatra ny faritra arovana tanteraka, fa miankina amin'ny fepetra voarakitra ato anatin'ity drafi-panajariana ity;
- Ny mpikambana te hampiasa ny zony dia tsy maintsy mandefa fangatahana mialoha any amin'ny kaomity mpitantana. Faritana mazava ny antony sy ny zavatra angatahana;
- Ny karazam-biby dia azo hazaina fa kosa manaraka ny fepetra momba ny fihazana sy ny fanajana ny fe-potoana;
- Ny fampiharana ny zo netim-paharazana dia ferana araka ny fahafahan'ny vokatra ary omena laharam-pahamehana ireo mpikambana mavitrika;
    - Ny atao hoe mpikambana mavitrika dia ireo mpikambana:
        - Mahaloha latsakemboka ara-dalana;
        - Tonga mamonjy ny fivoriana ara-potoana;
        - Tsy tapaka amin'ny asa iraisan'ny VOI;

        - Na raha misy tsy fahafahana ka tena maripototra ny antony, dia mandefa filazana mialoha mifanaraka amin'ny Fitsipika anatiny.

    - Ny tombony azon'ny mpikambana mavitrika manokana dia faritan'ny fikambanana isan-taona mandritra ny fivoriambe. Miankina amin'ny habetsakin'ny vokatra azo alaina isan-taona izany.

- Raha olona tsy mpikambana ao amin'ny VOI kosa dia mandoa sarany amin'ny VOI araka izay voalazan'ny Dina.

- Iharan'ny sazy izay mampihatra ny zo nentim-paharazana raha miseho ireto tranga ireto.

    - Olona mpikambana amin'ny VOI tsy nangataka alalana arakaraka ny vokatra trandrahina hita eo amin'ny tabilao eo ambany;

    - Olona tsy mpikambana ka maka ireo vokatra nefa tsy nahazo alalana.

- Tsy azo atao ny mivarotra ny zo netimpaharazana na ao anatiny na any ivelan'ny faritra. Izay mandika izany dia ampiharana ny Dina avy hatrany;

- Ny Dinam-paritra izay efa eny ampelan-tanan'ny VOI no milazalaza ireo saran'ny sazy aloa arakaraka ny vokatra alaina.

Tabilao 12 : fepetra mikasika ny fampiharana ny zo nentim-paharazana

Karazam-bokatra	Karazan-kazo, zava-maniry voakasika	Fangatahana fahazoan-dalana amin'ny komity mpitantana
Hazo maty	Tapia	Eny sady manaja ny PAGs
Hazo lena (ankoatra ny tapia)	Kesika, Kininina novolena sy ny sisa	Eny
Holatra	Holatra	Tsia
Bozaka	Haravola, vendrana, horopotsy	Eny
Raokandro na ravi-maintso	Zamborozano, tsingila, hatsikana, horokely, vahona	Tsia
Vokatra hafa	Taretra, ampangabe, hazon-drano, herana, tantely	Eny fa manao fifanarahana amin'ny tompony raha eny antanin'olona
Voankazo	Tapia (voan-tapia)	Tsia
Biby isan-karazany	Bokana, Mavokely, saroy, soherina, tantely dia, trandraka, sokina	Tsia

VIII.5 Mikasika ny faritra natao ambolena sy tsy voasokajy

Ireo faritra ankohatra ny faritr'ala ka ahitana harena voajanahary azo avaozina ao anatin'ny faritra afindra fitantanana no voaresaka eto., miampy ireo faritra fambolena isankarazany fa indrindra indrindra ireo tany tsy manan-tompo (tanety, kijana, savoka, harambato, sns…).

Tsy azo atao

- Manitatra tanim-boly sy mandoro ny manamorona ny ala tapia

Azo atao

- **Fambolena hazo**
- Zo nentim-paharazana: hazo maty, bozaka, taretra, bararata, vika, sns …, araka ny fahafahan'ny faritra
- Manatsara ny teknika fambolena mba hampitomboana ny vokatra miakatra

IX. Andraikitr'ireo ankolafin-kery voakasika

IX.1 Ny Fari-piadidiam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny fandrosoana Lovainjafy

Andraikitry ny Ben'ny ala ny:

- Manofana ny VOI momba ny lalàna mifehy ny ala sy ny teknika maro samihafa mahakasika ny fitantanana sy fitrandrahana maharitra ny vokatry ny ala, fanomezana fahazoan-dàlana, ny fambolen-kazo manara-penitra, sns…;
- Manome fahazoan-dàlana hikapa hazo novolena ao aorian'ny fanamarinana ataon'ny VOI;
- Manampy amin'ny famahana ireo olana samihafa raha tsy voavahan'ny VOI sy ny Kaominina;
- Mampihatra ireo lalàna velona rehefa misy manao fahadisoana ka tsy manaiky ampiharana Dina ilay olona na koa tsy voasahan'ny Dina ny heloka nataony;
- Manaramaso ireo asa vita araka ny voalazan'ny drafi-panajariana.

IX.2 Ny Kaominina

Andraikitry ny Kaominina:

- Ny Kaominina no mpiahy voalohany ny VOI misahana ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina ao anatin'ny toerana hiadidiany;
- Ny Kaominina no mankatò ny Dina izay volavolain'ny VOI ary manampy azy amin'ny fampiharana izany eny an-toerana;
- Ny manaramaso sy mandamina ny olana misy ateraky ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina.

IX.3 Ny VOI MIAVOTRA II

Mba ho lavorary ny fanatanterahana ity drafi-panajariana sy fitantanana ity dia ireto voatanisa manaraka ireto ny tokony ho ataon'ny VOI MIAVOTRA II isan-taona mandritra ny folo taona.

IX.3.1 Asa fiofanana

Noho ny antony samihafa dia maro ireo zavatra mbola tsy nahazatra ny VOI nefa takiana aminy ao anatin'ny fifanarahana famindram-pitantanana, noho izany dia ilaina ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'izy ireo amin'ny alalan'ny fampiofanana azy.

❖ Fiofanana amin'ny fitantanan-draharaha

Mba hisian'ny fahaiza-manao sy fahaiza-mitantana ho an'ny fikambanana dia ilaina ny fiofanan'ireo komity mpitantana ao amin'ny VOI eo amin'ny fitantanandraharaha ankapobeny (fitanana an-tsoratra, taratasim-pifandraisana, fanaovana tatitra, fitantanam-bola, fanaraha-maso ny ala, sns.).

❖ Fiofanana amin'ny fambolen-kazo

Ilaina ny fanofanana ny mpikambana rehetra ao amin'ny VOI amin'ny teknika fambolena hazo manara-penitra mba hanatsarana ny haitao sy ny vokatra. Ny teknisianina no hampianatra azy ireo io teknika io ka manomboka hatrany amin'ny fomba fakana zana-kazo anaty ala ka hatrany amin'ny fomba fikolokoloana ny hazo nambolena no hiofananana amin'izany.

❖ Fiofanana momba ny fanapahana hazo

Ilain'ny mpikambana rehetra ny fiofanana mikasika ny fomba fanapahana hazo (hazo novolena natokana hampiasaina ihany no voaresaka eto) mba hampihena ny fandaniana be fahatany ny ala sy mba hahatsara ny tsiriny. Ny teknisianina ao amin'ny sampandraharaha miadidy ny Ala miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka hafa no tompon'andraikitra amin'ny fampianarana io teknika io.

- Fiofanana hafa mikasika ny asa fampandrosoana: fiompiana, voly manara-penitra, fanamboarana zezika (compost), sns…

Mba ho fampandrosoana ny fari-piveloman'ny mpikambana ao amin'ny VOI sy ahafahany manajary, manatsara ary mitantana amin'ny fomba maharitra ny ala sy ny vokatra ao aminy dia ilainy ihany koa ny miofana mikasika ny asa fampandrosoana isankarazany toy ny fiompiana trondro, tantely, voly vary maro anaka, fanamboarana zezi-pahitra, sns., araky ny filan'izy ireo. Ny tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanatanterahana izany fiofanana izany dia ireo mpitantsoroka na mpiara-miombon'antoka.

IX.3.2 Asa fanentanana sy fampahafantarana ny famindram-pitantanana izay natao

- Fanentanana sy fampafantarana ary fanazavana ny amin'ny zo sy andraikitry ny VOI ary ireo fitaovam-pitantanana samihafa amin'ny mpikambana VOI rehetra

Anjaran'ny Komity mpitantana ny manao asa fanentanana sy fampahafantarana ny mpikambana rehetra ao amin'ny VOI ny zo sy andraikitra miandry azy ireo ary koa fanazavana sy fampatsiahivana ireo fitaovam-pitantanana rehetra (***fifanekena, bokin'andraikitra, Dina, drafi-panajariana***) ampiasaina amin'izany. Izany dia ho tanterahina amin'ny alalan'ny fivoriamben'ny mpikambana.

- Fampahafantarana ny Fokontany hafa ivelany ny amin'ny famindram-pitantanana natao

Mba aha-tomombana ny fampiharana ny famindram-pitantanana izay natao, dia tokony ho fantatry ny rehetra ny fisian'ny famindram-pitantanana izay natao sy ireo fepetra rehetra takian'izany. Noho izany dia ny VOI manontolo no tompon'andraikitra, miaraka amin'ny Kaominina eo amin'ny fanentanana ny faritra manodidina mikasika ny famindram-pitantanana izay mihatra, ny fepetra tsy maintsy arahina sy Dina ary ny drafi-panajarina. Izany rehetra izany dia ho tanterahina amin'ny alalan'ny fitetezana ireo Fokontany hafa ireo.

IX.3.3 Asa fanajariana.

- Fanatevenana ny atiala

Ilaina ny asa fanatevenana mba hamerenana amin'ny laoniny ireo ala simba ka ny mpikambana ao amin'ny VOI no mifarimbona manao izany asa izany. Ny asa ho atao dia soritana mazava ao anatin'ny Drafitr'asa isan-taona araka izay fahafan'ny VOI.

- Fambolen-kazo

Anisan'ny asan'ny VOI ny manatanteraka voly hazo iraisana sy isam-batan'olona. Ny fanatanterahana izany dia faritana ao amin'ny drafitr'asa isan-taona. Faritana ny toerana sy ny velaran'ny tany ary ny isan'ny zana-kazo ho volena mandritra ny taona manaraka ho an'ny volin'ny fikambanana ary ho an'ny isan-tokantrano kosa dia faritana ao anatin'ny drafitr'asa ihany koa ny isan'ny zana-kazo ho zaraina.

- Fiadiana amin'ny teviala

Anisan'ny olana izay manimba ny faritr'ala ny fanitatra tanimboly any anaty na manamorona ny ala tapia. Noho izany dia asa miandry ihany koa ny ady amin'ny teviala amin'ny alalan'ny fanentanana sy ny fampafantarana ireo lalàna misy sy mifandraika amin'ny teviala ary indrindra indrindra ireo voka-dratsiny.

- Fiadiana sy fiarovana amin'ny afo

Mba hisorohana ny doro-tanety ihany koa dia hanao aro afo manodidina ireo faritra atahorana toy ireo toerana fihavin'ny afo isan-taona sy manodidina ireo toerana tiana arovana toy ny faritra fambolen-kazo sy ireo vondron'ala nafindra fitantanana ny VOI.

- Fiarovana ny tanety sy ny tanim-boly

Fanatevenana ny aro-riaka, fiarovana ny lavaka tsy hitatra, fiarovana ny nofon-tany.

IX.3.4 Asa fanaraha-maso

❖ Fitsirihana sy fisafoana ny faritr'ala ho tantanina

Na dia efa misy aza ireo polisin'ala izay manatanteraka asa fisafoana ao anatin'ny faritra, ny mpikambana rehetra ao amin'ny VOI dia tompon'andraikitra ihany koa amin'ny fanaraha-maso ny fampiharana ny zo nentim-paharazana izay mifanaraka amin'ity drafi-panajariana ity. Izany no atao dia ny mba hisorohana ny fitrandrahana baranahiny izay mety hamotika haingana ny faritra.

❖ Fanaraha-maso ny doro-tanety

Amin'ny fotoanan'ny doro tanety dia araha-maso tsara ny faritr'ala ary vonoina avy hatrany ny afo raha misy.

❖ Fampiharana ny Dina

Mba tsy ho zava-poana ny fanaraha-maso dia hisy famaizana an'ireo izay tratra manao fahadisoana amin'ny alalan'ny fampiharana ny Dina. Koa satria efa misy ny Dinam-paritra, dia io Dinam-paritra no ampiasain'ny VOI ho lalàna sy fifampihezana ao anatin'ny faritra afindra fitantanana aminy.

IX.3.5 Asa fifandraisana amin'ny any ivelany

❖ Fanaovana tatitra amin'ny Kaominina sy ny Sampandraharahan'ny ala,

Tsy maintsy mifandray amin'ny any ivelany ny VOI mba ahafahan'ireo mpiara-miombon'antoka hafa manampy sy manohana azy. Mba hahalavorary izany dia manao tatitra isam-bolana any amin'ny Kaominina sy ny Ben'ny ala ireo Komity mpitantana ao amin'ny VOI.

❖ Fiaraha-miasa amin'ny VOI hafa

Tsara raha mifandray amin'ireo VOI hafa efa manana traikefa ny VOI MIAVOTRA II ary misintona lesona ny amin'izay nety sy ny tsy nety teo amin'ny fiainan'ireo VOI hafa ireo sy ny amin'izay fepetra noraisiny manoloana ireo tranga sy ireo olana maro samihafa mikasika ny fitondrana ny fikambanana sy ny fitantanana mirindra ny harena voajanahary. Izany dia tokony hataon'ny birao mba entina hanatsarana sy hampandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanana ireo vondron'ala.

❖ Fitadiavana mpanohana amin'ireo tetik'asa fampandrosoana kasaina hatao

Tokony hampafantarina ireo mpitantsoroka sy ireo rafitra mpanampy ny famindram-pitantanana izay natao afahana mijery izay fiaraha-miasa azo tanterahina hanatsarana sy aha-tomombana ny famindram-pitantanana sy ny fitadiavana mpanohana amin'ireo tetik'asa fampandrosoana kasaina hatao.

IX.3.6 Fizohiana sy tomban'ezaka

Ho fampiharana sy fandrindrana ireo asa rehetra ireo dia tsy maintsy manao lamin'asa sy tomban'ezaka isan-taona ny VOI. Ny komity mpitantana miaraka amin'ny Ben'ny ala no manao ny fizohiana atao mikasika ny habetsaky ny vokatra nampiasaina sy manao ny tomban'ezaky ny asa sy ny dingana rehetra vita. Amin'ny alalan'ny fivoriambe no hanatanterahana izany isan-taona.
Ny sampandraharaha miadidy ny Ala miaraka amin'ny Kaominina no manao ny tomban'ezaka isaky ny dimy taona.

X. Ny drafitr'asa isan-taona

Toy izao ny drafitrasa ao anatin'ny dimy (5) taona voalohany ho an'ny VOI.

Tabilao 13 : Ny drafitr'asa mandritra ny telo taona ho an'ny VOI

Paik'ady	Asa atao	Zanak'asa	Tompon'andraikitra	Taona anatanterahana azy					Fotoana hanatontosana	Mari-pandrefesana
				1	2	3	4	5		
Fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny VOI	Fampiofanana ny VOI	Fiofanana amin'ny fitantanan-draharaha	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala, Kaominina, Fokontany	x	x				Telo volana voalohany:	Isan'ny fiofanana atao sy ny fampiharana azy Karazan'ny fitaovam-pitantanana ananan'ny VOI
		Fiofanana amin'ny teknika fambolen-kazo any amin'ireo faritra hatevenina	Mpikambana rehetra, Sampandraharaha miadidy ny Ala	x	x	x	x	x	Akaiky ny fotoana fambolen-kazo	Isan'ny fiofanana omena sy ny mpiofana Isan'ny mpikambana mampihatra ny teknika manara-penitra
		Fiofanana momba ny fanampahana hazo	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala	x					Aout sy Septambra Oktobra	Isan'ny fiofanana omena sy ny mpiofana Isan'ny mpikambana mampihatra ny teknika manara-penitra
		Fiofanana hafa mikasika ny asa fampandrosoana: fiompiana tantely, voly vary manara-penitra, fanamboarana zezika (compost), sns.	Mpikambana rehetra, sampandraharaham-panjakana voakasika,	x	x	x	x	x	Araky ny filàna	Isan'ny fiofanana omena sy ny mpiofana Isan'ny mpikambana mampihatra ny teknika manara-penitra

Paik'ady	Asa atao	Zanak'asa	Tompon'andraikitra	Taona anatanterahana azy					Fotoana hanatontosana	Mari-pandrefesana
				1	2	3	4	5		
Fampahafantarana ny famindram-pitantanana izay natao	Asa fanentanana sy fampahafantarana ny mpikambana ny amin'ny zo aman'andraikiny sy ny amin'ireo fitaovam-pitantanana samihafa	Fivoriamben'ny mpikambana	Mpikambana rehetra, Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala,	x	x	x	x	x	Isaky ny volana Jona sy Desambra	Isan'ny mpikambana voaentana isan-taona
	Fampahafantarana ny manodidina ny amin'ny famindram-pitantanana natao	Fitetezana ny Fokontany manodidina	Kaomina Komity mpitantana ny VOI Mpikambana VOI rehetra	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny fivoriana fampahafantarana atao Isan'ny fitetezana tanana
Fanajariana ireo vondron'ala nafindra fitantanta	Fanatevenana ny atiala	Fanasosohana zanaka hazoala amin'ny ala arovana	Mpikambana VOI rehetra	x	x	x	x	x	Desambra hatramin'ny Febroary	Isan'ny zanakazo voavoly
	Ady amin'ny teviala	Fanaovana aro afo eo amin'ny toerana fambolen-kazo sy amin'izay toerana heverina fa fiavin'ny afo isan-taona	Mpikambana VOI rehetra	x	x	x	x	x	Aprily sy May	Refin'ny aro afo vita
		Fanentanana ny ady amin'ny teviala (lalàna misy, voka-dratsy)	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala	x	x	x	x	x	Aprily	Tatitra fivoriana fanentanana natao Isan'ny olona tonga nanatrika ny fivoriana fanentanana
		Famonoana ny afo raha misy izany	Mpikambana VOI rehetra	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny mpandray anjara Velaran'ny faritra may

Paik'ady	Asa atao	Zanak'asa	Tompon'andraikitra	Taona anatanterahana azy					Fotoana hanatontosana	Mari-pandrefesana
				1	2	3	4	5		
										Isan'ny afo voavono
Fanaraha-maso ny faritra tantanina	Fitsirihana sy fisafoana ireo faritr'ala tantanina	Fanaraha-maso ny fomba fampiharana ny zo nentim-paharazana	Polisin'ala, Mpikambana rehetra	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny fitsirihana atao isan-taona
		Fanaraha-maso ny teviala	Polisin'ala, Mpikambana rehetra	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Refin'ny aro afo isaky ny toerana fambolen-kazo Isan'ny doro tanety voavono
	Fampiharana ny fitsipi-pifehezana	Famaizana ireo tratra manao fahadisoana	Komitin'ny fampiharana ny fitsipi-pifehezana Komity mpitantana ny VOI, Ray aman-dreny eo an-tanàna, Fokontany	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny fandikan-dalàna nampiharana ny Fitsipi-pifehezana
Fifandraisan'ny VOI amin'ny any ivelany	Fanaovana tatitra any amin'ireo mpiara-miombon'antoka samihafa	Fanaovana tatitra any amin'ny Kaominina	Filoha sy mpitan-tsoratry ny VOI	x	x	x	x	x	Isaky ny faran'ny volana	Isan'ny tatitra alefa any amin'ny Kaominina
		Fanaovana tatitra any amin'ny sampandraharahan'ny ala	Filoha sy mpitan-tsoratry ny VOI	x	x	x	x	x	Isaky ny faran'ny volana	Isan'ny tatitra alefa any amin'ny sampandraharahan'ny ala
	Fiaraha-miasa amin'ny VOI hafa	Fifanakalozana amin'ireo VOI efa manana traik'efa tamin'ny famindram-pitantanana	Komity mpitantana ny VOI	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny fiaraha-miasa Karazana fiaraha-miasa

Paik'ady	Asa atao	Zanak'asa	Tompon'andraikitra	Taona anatanterahana azy					Fotoana hanatontosana	Mari-pandrefesana
				1	2	3	4	5		
	Fitadiavana mpanohana amin'ireo tetik'asa fampandrosoana kasaina hatao	Fiaraha-miasa akaiky amin'ireo mpitantsoroka sy ireo rafitra mpanampy rehetra	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala, Kaominina, Fokontany	x	x	x	x	x	Mandavan-taona	Isan'ny fangataham-piaraha-miasa natao Karazana fanohanana Fandraisan'anjaran'ny mpanohana
Fizohiana sy tomban'ezaka	Fizohiana mikasika ny habetsaky ny vokatra nampiasaina.	Fidinana eny an-toerana	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala, Kaominina			x	x	x	Amin'ny faran'ny faharetan'ny famindram-pitantanana	Isan'ny fitsidihana atao Fitohizan'ny fifanekem-pamindram-pitantanana
	Fanaovana tomban'ezaka ny taom-pitantanana nodiavina	Fivorian'ny Komity mpitantana	Komity mpitantana ny VOI Sampandraharaha miadidy ny Ala, Kaominina	x	x	x	x	x	Desambra Tsy voafetra rehefa ilaina	Fitanana an-tsoratra fivoriana
		Fivoriam-be	Mpikambana VOI rehetra	x	x	x	x	x	Desambra, Jona	Fitanana an-tsoratra fivoriana Isan'ny mpivory
	Fanaovana lamin'asa ho an'ny taona manaraka	Fivorian'ny Birao	Komity mpitantana ny VOI, Sampandraharaha miadidy ny Ala, Kaominina	x	x	x	x	x	Oktobra-Novambra	Fitanana an-tsoratra fivoriana

XI. Fepetra sy fomba fikirakirana ity drafi-panajariana sy fitantanana ity

Ity Drafi-panajariana sy Fitantanana ny ala tapia ao MORARANOKELY ity dia natao indrindra ho tari-dalana maharitra ho an'izay rehetra te-hanao asa ao anatin'ireo vondron'ala nafindra fitantanana tamin'ny VOI MIAVOTRA II.

Ny ahitana ity drafi-panajirina ity dia amin'ireto manaraka ireto:

- Ny VOI MIAVOTRA II: nahazo ny fifanekem-pamindram-pitantanana avy amin'ny Sampandraharahan'ny Ala.
- Ny Kaominina MIARINARIVO II: mpiahy mivantana ny VOI.
- Ny Fari-piadidian'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovain-jafy: mifanampy amin'ny VOI.

XI.1 Ho an'ny VOI MIAVOTRA II

- Tsy maintsy manaja ireo fepetra rehetra voalazan'ny Drafim-panajariana ny V.O.I. Ny tsy fankatoavana izany dia mahatonga sazy omen'ny Foibem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy izay mety hiafara hatramin'ny fanafoanana ny fifanekem-pamindram-pitantanana.
    - Ny tsy fampiharana Dina amin'ny olona manao fahadisoana, ny tsy fanaovana drafitr'asa isan-taona sy ny tsy fanatanterahana azy ary ny fisiana fanapahana hazo tapia tsy nandraisana andraikitra dia mitarika ***fanomezana fampitandremana*** ;
    - Ny fahazoana fampitandremana in-telo (03), fisiana fanaovana teviala tsy nandraisana andraikitra ary ny fisiana doro-ala tsy nandraisana andraikitra dia mitarika ***fampiantoana ny fifanekena***;
    - Ny fahazoana fampiantoana indroa (02) sy/na ny fisiana doro-ala tapia tsy nandraisana andraikitra dia mitarika ***fanafoanana ny fifanekena.***
- Ny Filohan'ny VOI na izay olona tendreny no tompon'andraikitra amin'ny fikajiana an'ity Drafi-panajariana sy Fitantanana ity.
- Tsy maintsy ampahafantarina ny mpikambana rehetra tsy ankanavaka ny vontoatin'ity Drafi-panajariana ity. Ny birao mpitantana ny VOI no tompon'andraikitra voalohany amin'izany. Azon'ny Birao atao ny maka toro-hevitra na fanampim-panazavana amin'ny lehiben'ny Sampandraharaha miadidy ny Ala, eo an-toerana izay niara- namolavola azy.
- Tsy azon'ny mpikambana atao ny manova na mandrava izay raketin'ity drafi-panajariana sy fitantanana ity.
- Tsy maintsy asehon'ny Birao an'izay Fikambanana na mpamatsy vola te-hanohana ny V.O.I amin'ireo tetik'asa fampandrosoana tiany atao ity Drafi-panajariana ity. Zon'ny V.O.I tanteraka ny mandà izay rehetra mety tetik'asa tian'ny mpanohana haroso ka mifanohitra amin'izay voalazan'ity Drafi-panajariana sy fitantanana ity.

XI.2 Ho an'ny Kaominina MIARINARIVO II

- Amin'ny maha-vondrona mpiahy ny VOI MIAVOTRA II azy dia zon'ny Kaominina MIARINARIVO II ny mahafantatra tsara izay voarakitra ao amin'ity Drafi-panajariana sy Fitantanana ny vondron'ala sy ireo harena voajanahary azo havaozina ao MORARANOKELY ity.
- Ho fampandrosoana ny Kaominina dia, tokony ampidirina ao amin'ny drafim-pampandrosoana rehetra (PCD, SAC, sns) an'ny Kaominina izay voalazan'ny drafi-panajariana sy fitantanana.
- Azon'ny Kaominina atao ny mamatsy vola na fitaovana ny V.O.I sy mampiseho ity Drafitra ity amin'ireo mila izany (Manam-pahefana, mpamatsy vola, mpikaroka…).
- Azon'ny Kaominina atao koa ny manao ity Drafitra ity ho modely fampandrosoana sy fikajiana ny harena voajanahary any amin'ny faritra hafa ao amin'ny Kaominina ka tsy mbola misy V.O.I
- Adidin'ny Kaominina ny mampahafantatra ny fisian'ity drafi-panajariana ity any amin'ireo Kaominina manodidina.

XI.3 Ho an'ny Mpanohana

- Izay Fikambanana na olon-tsotra te-hanohana ara-bola na ara-pitaovana ny VOI amin'ireo tetik'asa tiany hatao dia tsy maintsy manaja ireo fepetra sy toro-lalana voalazan'ity Drafi-panajariana ity; tsy maintsy mandrafitra Drafitr'asa isan-taona miaraka amin'ny V.O.I izy ireo amin'izany.
- Afaka mijery sy mitrandraka ity drafitra ity miaraka amin'ny VOI sy ny Kaominina mpiahy.

XI.4 Ho an'ny Foibe iraisam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Itasy

- Zony tanteraka ny manafoana ny famindram-pitantanana raha toa ka voaporofo fa tsy nahatanteraka ny voalazan'ity Drafi- panajariana ity ny VOI. Ny fanatanterahana izany dia tsy maintsy mifanaraka amin'izay voalazan'ny lalàna.
- Mba hahalavorary ny fampiasana ity drafi-panajariana sy fitantanana ity dia anjara asan'ny Foibem-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ny:
    - manoro ny fenitra sy ny didy aman-dalàna misy;
    - mitantsoroka sy mampihofana ara-teknika ny VOI,
    - mampihatra ny didy aman-dalàna sy ny fenitra,
    - manampy amin'ny fandinihana izay mivaona sy fisafidianana ny vahaolana mety ary manatanteraka ny asa.

Natao teto Moraranokely ny,

Ny Filohan'ny VOI MIAVOTRA II

« Hita sy ankatoavina »

Ny Tale Iraisam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Itasy

BOKIN'ANDRAIKITRA

TOKO I : FAMARITANA ANKAPOBENY

Andininy voalohany: Ity bokin'andraikitra ity dia natao manokana ho fampiharana ny andininy faha-5 ao amin'ny lalàna laharana 96-025 tamin'ny 30 Septambra 1996 izay mikasika indrindra ny fitantanana eny an-toerana ny harena voajanahary azo havaozina izay voafaritra toy izao:

- Avaratra: Fokontany Antarisoa Itsarakambana;
- Atsinanana: Fokontany Antanety Est;
- Atsimo: Fokontany Manankasina;
- Andrefana: Fokontany Ambohitrinilahy.

And-2: Ity bokin'Andraikitra ity dia mamaritra ny paika ankapobeny ny momba ny famindram-pitantanana ireo harena voajanahary azo havaozina ao amin'ny Fokontany MORARANOKELY, izay ifanaovan'ny Sampandraharaha Teknika miadidy ny ala sy ny Tontolo Iainana, sy ny Kaominina Ambanivohitra MIARINARIVO II, ary ny vondron'olona ifotony (V.O.I): MIAVOTRA II eto MORARANOKELY.

And-3: Ireto avy ireo olona manana zo sy andraikitra amin'ny fitantanana ny harena voajanahary ao amin'ny Fokontany MORARANOKELY, Kaominina Ambanivohitra MIARINARIVO II:

- Ny mpikambana ao amin'ny Section Moraranokely;
- Ny mpikambana ao amin'ny Section Antanetibe Sud;
- Ny mpikambana ao amin'ny Section Mahatsinjo;
- Ny mpikambana ao amin'ny Section Faliarivo;
- Ny mpikambana ao amin'ny Section Ambodiamontana.

Adidin'ny VOI ny mamoaka ny lisitry ny mpikambana manana zo sy andraikitra amin'ny fitantanana, ny fitrandrahana ary ny fiarovana ireo harena voajanahary azo havaozina.

And-4: Ireto avy ireo loharanon-karena voajanahary azo havaozina:

- Ny ala voajanahary (Ala Tapia);
- Ny sokajim-bokatra rehetra ao aminy;
- Ny harena voajanahary azo avaozina ao anatin'ny faritra.

And-5: Manakery ao anatin'ny folo taona, haharetan'ny fifanekem-pamindram-pitantanana ny harena voajanahary azo avaozina ao amin'ny fokontany Moraranokely, ity bokin'andraikitra ity.

TOKO II: FEPETRA ILAINA HAMPIRINDRA TSARA NY FAMINDRAM-PITANTANANA

And-6: Anjaran'ny VOI ny mametraka rafitra hitantanana sy hampiasana ary hiarovana ny harena voajanahary azo havaozina voalaza ao amin'ny andininy faha 4.

And-7: Ny Dinam-paritra no mametra ny zon'ny tsirairay sy ny sazy ampiharina raha misy ny hadisoana. Ny Lehiben'ny Distrika dia anisan'ny mpanara-maso ny fampiharana azy.

And-8: Afaka manangona ny saram-pitantanana avy amin'ny vokatry ala sy ny ireo harena voajanahary hafa ao anatin'ny Fokontany ny fikambanana VOI MIAVOTRA II, mba ho tahiry sy enti-manatanteraka ny asa fampiroborobona, sy ho fanatsarana SY fiharovana ary ho fanatevenana ny harena voajanahary azo havaozina ary koa hiantohana izay mety ho fandaniana rehetra momba ny fitantanana (fampandehan-draharaha amin'ny ankapobeny: taratasy, penina, vatsy, saran-dalana, …).

And-9: Tokony hisy mpitahiry vola manatanteraka ny fampidirana sy fandaniana rehetra eken'ny fitsim-pitondrana. Mifidy olona roa koa ny fikambanana ho mpanamarim-bola.

Ferana tsy mihoatra ny **telo hetsy ariary** (300 000 Ar) ny vola ekena ho tazonin'ny mpitahiry vola. Hanokafana kaonty any amin'ny banky ary arotsaka any kosa ny vola mihoatra rehetra.

And-10: Ny mpitahiry vola sy ny filoha no miaraka manao Sonia ny bokim-bola ary manamarina ny fivezivezen'ny vola miditra sy mivoaka, ary manao ny tatitra eo amin'ny fivoriambe.

TOKO III: ANDRAIKITRA ISAN-KARAZANY

MIKASIKA NY FAHEFANA SY NY ANDRAIKITRY NY VOI

And-11: Anjaran'ny VOI no manatanteraka sy manaja ny fitsipi-pitantanana ary manao tatitra momba ny asa vita amin'ny mpifanaraka aminy (Kaominina, sampandraharan'ny ala), ka ny mpitantana no miantsoroka izany. Noho izany ny mpitantana dia tsy maintsy mitazona boky firaketana ny fampiasana ny ala sy ny vokatra avy aminy.

And-12: Manao drafitr'asa isan-taona entina hampiroboroboana ny fitantanana sy ny fanatevenana ny harena voajanahary azo havaozina ny VOI. Ny Sampandraharaha Teknika sy ny mpanohana miaraka aminy no antsoina hanohana azy ara-teknika amin'ny famolavolana izany.

And-13: Manatanteraka ny fanatevenana sy fanatsarana ary fiarovana ny harena voajanahary azo havaozina:

- Miady amin'ny doro-tanety;
- Manao filazana amin'ny Kaomity mpitantanana ny olona izay handoro tanim-boly na fako;
- Manao aro-afo 5m (metatra) ny sakany ary miantso olona 7 (fito) farafahakely amin'ny andro hanaovana ny fandoroana;
- Mamboly zana-kazo araka izay voafaritry ny drafitr'asa isan-taona isan'olona.

And-14: Manao aro-afo ao amin'ny ala tantanina ny VOI, miankina amin'ny fivoriambe ny fanatanterahana izany.

And-15: Mampihatra ny Dinam-paritra araka izay voarakitra ao aminy.

And-16: Manaraka ny fepetra nifanarahana ao aorian'ny fifampiraharahana miaraka amin'ny Sampandraharan'ny ala sy ny Kaominina. Manaraka sy manaja ny lalàna mifehy ny fitantanana sy ny fanatevenana ny harena voajanahary azo havaozina izay voalazan'ireo lalàna manan-kery.

And-17: Manara-maso ny fivezivezen'ny olona sy ny fakana ny vokatra ao anatin'ny faritra tantaniny.

And-18: Ny fikapana ny hazo novolena (kininina, kesika, sns…) ao amin'ny Fokontany Moraranokely (na hazon'ny Vondron'Olona Ifotony, na an'ny Fokonolona, na an'olon-tsotra) dia ny Komity Mpitantana no manamarina ny fangatahana alohan'ny hakana ny fahazoan-dalana hanapaka hazo any amin'ny Sampandraharahan'ny Ala. Handoavana saram-pitantanana ao amin'ny VOI araka izay voafaritry ny VOI izany fa kosa tsy mifanipaka amin'izay voalazan'ny Dinam-paritra.

Anjaran'ny VOI ihany koa no manaramaso miaraka amin'ny Ben'ny ala ny fakan'ilay mpangataka ireo hazo.

Raha ho entina mivoaka ny faritra dia tsy maintsy hakana MBAY LALANA na (Laisser-passer) any amin'ny Sampandraharahan'ny Ala miaraka amin'ny fangatahana izay efa voamarian'ny komity

Mpitantana ary tapakila nandoavana ny saram-pitantanan sy ny tamberim-bidy tany amin'ny VOI sy ny Kaominina.

And-19: TSY maintsy manao tatitra amin'izay zavatra miseho ao amin'ny faritra misy azy ny VOI, toy ny fitrandrahana sy ny fampiasana ny ala ary ny sokajim-bokatra misy. Ny komity mpitantana no manao ny tatitra any amin'ny Sampandraharahan'ny Ala sy ny Kaominina.

And-20: RAHA MANAO TATITRA TSY MARINA ny komity mpitantana dia azon'ny Sampandraharahan'ny Ala sy ny Kaominina enjehina araky ny lalàna manan-kery.

NY FAHEFANA SY NY ANDRAIKITRY NY KAOMININA

And-21: Ny Kaominina no mpiahy ny vondron'Olona Ifotony voalohany.

- Manara-maso ny fitantanana izay ataon'ny Vondron'Olona Ifotony;
- Manampy ny komity mpitantana amin'ny fampiharana ny fitsipika anatiny sy Dina ary afaka mampiakatra raharaha any amin'ny ambaratongam-pahefana ambony;
- Mandamina ny fifanolanana misy ateraky ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina;
- Manampy amin'ny fanentanana ny Vondron'Olona Ifotony amin'ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina;
- Andraikitry ny Kaominina no mankatoa ny fitsipi-pifehezana novolavolain'ny vondron'olona Ifotony ary ny Ben'ny Tanana no mamoaka izany ho ampiharina;
- Mandray ny tatitry ny asa vita momba ny fitantanana avy amin'ny Vondron'Olona Ifotony;
- Mandray sy manao laharam-pahamehana ao amin'ny drafitra fampandrosoana ny Kaominina (PCD, SAC, sns…) ireo tetik'asa atolotry ny VOI.

TOKO IV: SAZY AZO AMPIHARINA AMIN'NY DINA

And-22: Natao hifampifehezan'ny tsirairay ao MORARANOKELY sy hifehy ny faritra tantanina ny Dina ka anjaran'ny fikambanana MIAVOTRA II ny mampihatra avy hatrany ny sazy amin'ny mpanao hadisoana. Amin'ny fandraisany an-tanàna ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina sy ny fahazoany ireo fahefana nafindra aminy dia tsy tokony hisalasala hampiatra ny Dina ny VOI, indrindra fa ireo Komity mpitantana misolo tena azy. Ny fandraisana andraikitry ny mpikambana dia porofon'ny finiavany hanaraka an-tsakany sy andavany ny fifanekem-pitantanana.

And-23: Andraikitry ny VOI ny mikaroka ny mpanao hadisoana rehetra mikasika ny fitantanana ny harena voajanahary.

And-24: Tompon'andraikitra tanteraka eo anatrehan'ny fanjakana ny mpitantana amin'ny hadisoana rehetra mitranga amin'ny faritra misy azy na ataon'ny mpikambana izany na fahadisoana ataon'olona tsy mpikambana na fahadisoana amin'ny fitantanana.

And-25: Raha olona ivelan'ny Fikambanana no manao fahadisoana dia ampiharan'ny fikambanana ihany ny Dina. Raha tsy vita eo an-toerana ny fampiharana ny Dina dia entina eo anatrehan'ny Kaomina izy. Raha toa ka mbola tsy manaiky hanefa ny saziny eo anivon'ny Kaomina izy dia ampiakarina amin'ny tompon'andraikitra ambony (Ben'ny Ala, Zandary) ny raharaha.

And-26: Arakaraka izay voalazan'ny lalàna no irotsahan'ny Ben'ny Ala hanenjika ny hadisoana ara-panjakana na amin'ny fampakarana ny raharaha any amin'ny fitsarana ankoatry ny sazy ampiharin'ny fikambanana araky ny voafetran'ny Dina.

NY FAHEFANA SY NY ANDRAIKITRY NY BEN'NY ALA

TOKO V: FISAFOANA SY SAZY AMPIHARINA AMIN'NY MPITANTANA

And-27: Ny famindrana amin'ny am-pahany na tanteraka amin'ny VOI MIAVOTRA II ny fahefana hitantana ny loharanon-karena voanjanahary ao aminy, dia tsy manakana ny Ben'ny Ala hanao fisafoana araka ny zo ananany, araka ny lalàna.

And-28: Mandritry ny fisafoana dia azon'ny Ben'ny Ala atao ny manadihady eo an-toerana ny fandehan'ny fitantanana ny loharanon-karena voajanahary mety havaozina amin'ny ankapobeny.

Anjaran'ny Komity mpitantana ny manome fanazavana momba ny zava-miseho mikasika ny hadisoana niteraka fahavoazana amin'ny loharanon-karena, ahafahan'ny Ben'ny Ala mpisafo mandray ny fanapaha-kevitra tokony horaisiny.

And-29: Toy izao manaraka izao ny hadisoana mety hitranga sy ny sazy ampiharina amin'ny VOI mikasika ny fitantanana:

Fanomezana fampitandremana amin'ireto hadisoana ireto:
- tsy fampiharana Dina amin'ny olona manao hadisoana;
- tsy fanaovana ary tsy fanatanterahana drafitr'asa isan-taona;
- fisiana fanapahana hazo tapia tsy nandraisana andraikitra.

Fampiatoana ny fifanekena
- rehefa nahazo fampitandremana in-telo;
- fisiana fanaovana teviala tsy nandraisana andraikitra;
- fisiana doro-tanety tsy nandraisana andraikitra
    - Ireo andraikitra amin'izany:
        - miantso ny fokonolona hamono afo,
        - mandray ny lisitry ny olona tonga namono afo,
        - manao tatitra sy manao fanadiadina momba ny nipoiran'ny afo,
        - manampy ny Ben'ny ala mitady ny tompon'antoka (nanao hadisoana).

Fanafoanana ny fifanekena
- rehefa nahazo fampiatoana indroa;
- fisiana doro-ala tapia tsy nandraisana andraikitra.
    - Ireo andraikitra amin'izany:
        - miantso ny fokonolona hamono afo,
        - mandray ny lisitry ny olona tonga namono afo,
        - manao tatitra sy manao fanadiadina momba ny nipoiran'ny afo,
        - manampy ny Ben'ny ala mitady ny tompon'antoka (ny nanao ny hadisoana).

Anaovan'ny Ben'ny ala fitanana an-tsoratra daholo ny fanadihadiana rehetra ataony sy ny sazy ampihariny ka omeny fitanana an-tsoratra tsirairay ny fikambanana MIAVOTRA II, ny Ben'ny tanàna ary ny Lehiben'ny Distrika.

TOKO VI: FEPETRA SAMY HAFA

IREO ANDRAIKITRA ISAN-KARAZANY

And-30: Ny V.O.I no manara-maso ny fikapana na ny fandavoana ny hazo sy/na ireo (PFNL) (ankoatry ny hazo voajanahary) ao anatin'ny faritra Tantanina:

- Ny komity Mpitantana ao amin'ny VOI « MIAVOTRA II» no MANAMARINA ny fangatahana ho an'izay olona hanapaka hazo na haka vokatra hafa avy amin'ny ala (PFNL) ao amin'ny Fokontany MORARANOKELY;

- Ny Sampandraharahan'ny Ala ihany no manome ny fahazoandalana hikapa hazo (Permis de Coupe);
- Ny hazo maina am-potony (Tapia maina) ao anatin'ny Faritra tantanina dia ny Vondron'Olona Ifotony ihany no manana zo aminy;
- Ny V.O.I no manao izay fomba tsy hanitaran’ny olona ny tamboliny any anaty sy manamorona ny ala Tapia.

And-31: TSY azo atao ny manao Charbon ao anaty sy amoron'ny Ala Tantanina mba hisoroana ny doro tanety. Ny olona manao charbon eny ivelan'ny faritra Tantanina dia tsy maintsy manao aro afo Fito (7) metatra (ny velarany) fara-fahakeliny manodidina ny fatana.

And-32: Tsy maintsy manatanteraka fivoriambe indray mandeha isaky ny enim-bolana (6 volana) ny VOI hanaovan’ny Komity mpitantana tatitra momba ny fandehanan’ny fitantanana ny harena voajanahary iandraiketany sy afahan’ny mpikambana mandrefy ny dingana vitany sy ny fahavitrihan’ny fitantanana nankinina aminy (vola, fandehanan'ny asa, ny olana, sns …).

And-33: Manankery sy hampiharina ao amin'ny faritra tantanina avy hatrany ity bokin'Andraikitra ity rehefa vita sonian'ireo voakasiky ny fifanekena.

Natao teto MORARANOKELY, Androany faha, …….……

Ny Tale Iraisam-paritry ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy Itasy,

Ny VOI MIAVOTRA II,

Ny Kaominina MIARINARIVO II,

Ny Distrika MIARINARIVO,

DINAM-PARITRA

TOVANA

FANGITRY NY ALA:

Laharana	Faritr'Ala	POINT_X	POINT_Y	X	Y
0	Ampandrianakanga	452 759,41	787 910,85	46,9386	-19,0086
1	Ampandrianakanga	452 612,54	787 868,10	46,9372	-19,009
2	Ampandrianakanga	452 629,70	787 983,38	46,9373	-19,0079
3	Ampandrianakanga	452 680,79	788 054,04	46,9378	-19,0073
4	Atsimon'i Faravato	450 907,26	787 937,29	46,921	-19,0084
5	Atsimon'i Faravato	450 921,15	787 998,28	46,9211	-19,0078
6	Atsimotrano	451 878,92	788 270,94	46,9302	-19,0054
7	Atsimotrano	451 994,24	788 222,58	46,9313	-19,0058
8	Atsimotrano	451 975,91	788 178,26	46,9311	-19,0062
9	Atsimotrano	451 840,39	788 240,60	46,9298	-19,0056
10	Atsimotrano	451 744,25	788 323,44	46,9289	-19,0049
11	Atsimotrano	451 794,42	788 361,80	46,9294	-19,0045
12	Atsimotrano	452 490,21	788 457,09	46,936	-19,0037
13	Atsimotrano	452 511,00	788 312,05	46,9362	-19,005
14	Atsimotrano	452 434,85	788 332,72	46,9355	-19,0048
15	Atsimotrano	452 380,50	788 280,86	46,9349	-19,0053
16	Atsimotrano	452 338,72	788 402,05	46,9345	-19,0042
17	Atsimotrano	452 249,77	788 243,38	46,9337	-19,0056
18	Atsimotrano	452 135,53	788 180,67	46,9326	-19,0062
19	Atsimotrano	452 086,99	788 353,85	46,9322	-19,0046
20	Atsimotrano	452 155,53	788 431,78	46,9328	-19,0039
21	Atsimotrano	452 203,05	788 271,36	46,9333	-19,0053
22	Atsimotrano	452 207,29	788 408,89	46,9333	-19,0041
23	Atsimotrano	452 335,62	788 529,06	46,9345	-19,003
24	Befaritra	451 665,15	787 806,29	46,9282	-19,0096
25	Befaritra	451 582,67	787 760,81	46,9274	-19,01
26	Befaritra	451 544,93	787 651,42	46,927	-19,011
27	Befaritra	451 442,90	787 761,84	46,9261	-19,01
28	Befaritra	451 698,41	787 944,92	46,9285	-19,0083
29	Befaritra	451 632,22	787 864,80	46,9278	-19,009
30	Befaritra	451 493,60	787 980,86	46,9265	-19,008
31	Befaritra	451 631,53	788 035,79	46,9278	-19,0075
32	Malazaravina	452 294,74	788 794,37	46,9341	-19,0006
33	Malazaravina	452 242,13	788 860,26	46,9336	-19
34	Malazaravina	452 296,94	788 970,33	46,9341	-18,999
35	Malazaravina	452 424,45	788 904,32	46,9353	-18,9996
36	Mandrirahona	452 562,98	788 141,12	46,9367	-19,0065
37	Mandrirahona	452 480,46	788 193,85	46,9359	-19,006
38	Mandrirahona	452 430,02	788 255,98	46,9354	-19,0055
39	Kelivava	451 610,74	788 496,29	46,9276	-19,0033
40	Kelivava	451 520,13	788 439,22	46,9268	-19,0038
41	Kelivava	451 495,76	788 386,87	46,9265	-19,0043

Laharana	Faritr'Ala	POINT_X	POINT_Y	X	Y
42	Kelivava	451 683,60	788 395,71	46,9283	-19,0042
43	Kelivava	451 677,17	788 259,28	46,9283	-19,0055
44	Kelivava	451 641,60	788 192,05	46,9279	-19,0061
45	Kelivava	451 544,54	788 097,40	46,927	-19,0069
46	Kelivava	451 435,19	788 210,77	46,926	-19,0059
47	Kelivava	451 509,53	788 261,31	46,9267	-19,0055
48	Kelivava	451 432,55	788 349,55	46,9259	-19,0047
49	Kelivava	451 372,73	788 446,51	46,9254	-19,0038
50	Kelivava	451 428,78	788 446,51	46,9259	-19,0038
51	Kelivava	451 560,77	788 545,59	46,9272	-19,0029
52	Kelivava	451 654,67	788 555,07	46,928	-19,0028
53	Amboniavaratra	453 361,47	790 301,64	46,9442	-18,987
54	Amboniavaratra	453 187,40	790 284,87	46,9426	-18,9871
55	Amboniavaratra	453 205,80	790 366,55	46,9427	-18,9864
56	Amboniavaratra	452 787,92	790 346,11	46,9388	-18,9866
57	Amboniavaratra	452 747,33	790 271,34	46,9384	-18,9873
58	Amboniavaratra	452 648,59	790 268,61	46,9374	-18,9873
59	Amboniavaratra	452 697,74	790 365,22	46,9379	-18,9864
60	Amboniavaratra	453 055,70	790 460,82	46,9413	-18,9855
61	Amboniavaratra	453 061,93	790 338,79	46,9414	-18,9866
62	Amboniavaratra	452 945,24	790 411,15	46,9403	-18,986
63	Andraofy	452 212,26	788 779,84	46,9333	-19,0007
64	Andraofy	452 279,58	788 741,26	46,934	-19,0011
65	Andraofy	452 108,32	788 683,56	46,9324	-19,0016
66	Andraofy	451 992,21	788 767,07	46,9312	-19,0009
67	Atsinanan'i Faravato	451 166,79	788 038,15	46,9234	-19,0075
68	Atsinanan'i Faravato	451 340,41	788 084,19	46,9251	-19,0071
69	Atsinanan'i Faravato	451 414,05	788 018,54	46,9258	-19,0077
70	Atsinanan'i Faravato	451 243,68	787 941,74	46,9242	-19,0083
71	Atsinanan'i Faravato	451 267,34	787 985,67	46,9244	-19,008
72	Atsinanan'i Faravato	451 099,63	787 919,28	46,9228	-19,0086
73	Atsinanan'i Faravato	451 065,90	787 888,15	46,9225	-19,0088
74	Atsinanan'i Faravato	451 084,14	788 035,55	46,9226	-19,0075
75	Atsinanan'i Faravato	451 101,99	788 113,93	46,9228	-19,0068
76	Atsinanan'i Faravato	451 172,80	788 333,88	46,9235	-19,0048

Laharana	Faritr'Ala	POINT_X	POINT_Y	X	Y
77	Atsinanan'i Faravato	451 244,03	788 205,57	46,9241	-19,006
78	Atsinanan'i Faravato	451 366,15	788 242,23	46,9253	-19,0056
79	Atsinanan'i Faravato	451 345,73	788 159,03	46,9251	-19,0064
80	Atsinanan'i Faravato	451 204,55	788 189,19	46,9238	-19,0061
81	Atsinanan'i Faravato	451 082,95	788 326,19	46,9226	-19,0049
82	Anjavamanitra	451 217,66	787 808,70	46,9239	-19,0096
83	Anjavamanitra	451 341,63	787 899,16	46,9251	-19,0087
84	Bemoka	452 897,65	788 413,78	46,9399	-19,004
85	Bemoka	452 826,43	788 399,54	46,9392	-19,0042
86	Bemoka	452 735,86	788 519,25	46,9383	-19,0031
87	Bemoka	452 754,10	788 337,72	46,9385	-19,0047
88	Bemoka	452 684,66	788 338,58	46,9378	-19,0047
89	Bemoka	452 717,33	788 497,14	46,9381	-19,0033
90	Bemoka	452 656,71	788 599,98	46,9376	-19,0024
91	Bemoka	452 837,07	788 532,01	46,9393	-19,003
92	Bemoka	452 839,79	788 558,41	46,9393	-19,0027
93	Bemoka	452 707,44	788 609,98	46,938	-19,0023
94	Bemoka	452 727,36	788 663,17	46,9382	-19,0018
95	Bemoka	452 634,05	788 729,37	46,9373	-19,0012
96	Bemoka	452 571,36	788 731,80	46,9367	-19,0012
97	Marofofo	451 843,12	788 816,44	46,9298	-19,0004
98	Marofofo	451 722,80	788 933,41	46,9287	-18,9994
99	Marofofo	451 888,54	788 922,72	46,9303	-18,9995
100	Marofofo	451 830,35	789 393,38	46,9297	-18,9952
101	Marofofo	451 773,89	789 340,46	46,9292	-18,9957
102	Marofofo	451 669,10	789 310,61	46,9282	-18,996
103	Marofofo	451 670,63	789 112,48	46,9282	-18,9978
104	Marofofo	451 556,23	789 110,83	46,9271	-18,9978
105	Marofofo	451 634,35	789 276,72	46,9278	-18,9963
106	Marofofo	451 671,54	789 433,69	46,9282	-18,9949
107	Antanetibe	451 185,01	788 591,99	46,9236	-19,0025
108	Antanetibe	451 248,37	788 646,73	46,9242	-19,002
109	Antanetibe	451 574,05	788 773,09	46,9273	-19,0008
110	Antanetibe	451 509,71	788 637,11	46,9267	-19,0021
111	Antanetibe	451 452,47	788 754,90	46,9261	-19,001
112	Antanetibe	451 373,57	788 750,23	46,9254	-19,001
113	Antanetibe	451 492,93	788 816,58	46,9265	-19,0004
114	Antanetibe	451 477,99	788 938,14	46,9264	-18,9993
115	Antanetibe	451 461,13	789 017,95	46,9262	-18,9986
116	Antanetibe	451 292,95	788 951,23	46,9246	-18,9992

Laharana	Faritr'Ala	POINT_X	POINT_Y	X	Y
117	Antanetibe	451 209,30	788 796,36	46,9238	-19,0006
118	Antanetibe	451 100,61	788 691,27	46,9228	-19,0016
119	Antanetibe	451 158,79	788 834,17	46,9233	-19,0003
120	Antanetibe	451 285,06	788 984,53	46,9245	-18,9989
121	Antanetibe	451 423,60	789 117,90	46,9258	-18,9977
122	Soamanana	452 931,91	787 991,50	46,9402	-19,0079
123	Soamanana	452 859,03	787 918,86	46,9395	-19,0085
124	Soamanana	452 779,40	788 008,29	46,9387	-19,0077
125	Soamanana	452 707,42	788 107,78	46,9381	-19,0068
126	Soamanana	453 096,72	788 155,29	46,9418	-19,0064
127	Soamanana	452 992,57	788 062,47	46,9408	-19,0072
128	Soamanana	453 006,28	788 164,06	46,9409	-19,0063
129	Antsahalava	452 840,23	787 747,04	46,9393	-19,0101
130	Antsahalava	452 827,66	787 792,80	46,9392	-19,0097
131	Antsahalava	452 778,55	787 686,65	46,9387	-19,0106
132	Antsahalava	452 768,87	787 837,81	46,9386	-19,0093


Fangitra Ala Tapia afindra fitantanana - VOI MIAVOTRA II- Fokontany Moraranokely
451 000
452 000
453 000
454 000
790 000
789 000
788 000
Ambodiamontana
Mahatsinjo
Faliarivo
Moraranokely
Antanetibe Sud
400 200 0 400 m
Maribolana :
Ivotoerana VOI
Ivotoerana Fokontany
Section
Làlana
Renirano
Laharana Fangitra
Ala Tapia
Fangitra Fokontany